



**USAID**  
FROM THE AMERICAN PEOPLE

**PROSPER AFRICA**

A U.S. TRADE AND INVESTMENT INITIATIVE



## RAKI-KEVITRA FITAOVANA SY TOROLALANA HIATREHANA VAROTRA IVELANY IRAISAM-PARITRA

NOTONTOSAIN'NY IVOTOERANA MISAHANA NY VAROTRA SY  
FAMPIASAM-BOLA AMIN'NY FARITRA ATSIMON'I AFRIKA AO AMIN'NY USAID

NIVOAKA NY: 4 MAY 2021

# FETRA AMIN'NY VOTOATINY SY ANDRAIKITRA AMIN'NY LOHARANOM-BAOVAO NADRAFETANA IREO ANTONTAN-KEVITRA

Ity raki-kevitra ity dia narafitra ho torolalana tsotra, isaky ny dingana voatanisa ao, miantefa amin'ireo olon-tsotra na fikambanana rehetra manana fikasana hanondrana entana any Afrika Atsimo mianga avy amin'ireto firenena manaraka ireto dia i Angola, Botswana, Eswatini, Lesotho, Malawi, Mozambique, Namibie ary Zambie. Tsy mirakitra ny antonta-taratasy tena feno sy ilaina izy ity fa manoro lalana kosa ireo mpampiasa azy hahafantatra misimisy kokoa ny fomba hahazoana sy handraisana ary hahafantarana ny hiaka farany amin'ireo fombafomba tokony harahina raha fantatra fa mandalo fanavaozana sy fanatsarana matetika ny taratasy fampiasa sy ny fombafomba tokony harahina amin'izany.

Ny ivotoerana misahana ny varotra sy ny fampiasam-bola amin'ny faritra atsimon'i Afrika ao amin'ny USAID (USAID TradeHub) no nanangona sy namintina ireo antontan-kevitra avy amin'ny loharanom-baovao samihafa ary manaparitaka ny vaovao farany azo raisina avy amin'ireo loharanom-baovao ireo. Tsy tompon'antoka ny amin'ny mety ho fisian'ny fahadisoan'ireo vaovao sy antontan-kevitra ireo kosa anefa ny USAID.

## TOMPON'IREO SARY SY KISARY

Indreto avy ireo loharano sy nifantenana ireo sary sy kisary ary antonta-taratasy ampiasaina sy aseho amin'ity tahirin-kevitra ity :

- [USAID TradeHub](#)
- [www.shutterstock.com](http://www.shutterstock.com)
- [www.istockphoto.com](http://www.istockphoto.com)
- [www.freepik.com](http://www.freepik.com)

## LISITR'IREO FAMANTARAN-TENY SY FANAFOHEZAN-TENY

B/E	Fanambaram-pisoratana anarana
B/L	Fanambaram-pitanterana
COO	Fanamarinana ny fihavian'ny entana
DALLRD	Sampan-draharahan'ny Fambolena, sy ny fanavaozana ny fizakan-tany ary ny fampandrosoana ny eny ambanivohitra (nantsoina teo aloha hoe Sampan-draharaha misahana ny fambolena, ny ala ary ny jono) Afrikanina Tatsimo
FTA	Fifanarahana fifanakalozana malalaka
HS	Rafitra voarindra
ICC	Antenimieran'ny Varotra Iraisam-pirenena
INCOTERMS®	Fepetra momba ny Varotra ivelany iraisam-pirenena
LC	Taratasy Fifanakalozana trosa
SACU	Fiombonan'ny Fadin-Tseranana amin'ny faritra Atsimon'i Afrika (Firenena mpikambana: Botswana, Eswatini, Lesotho, Namibie et Afrika Atsimo)
SADC	Fiombonambe ho fampandrosoana ny faritra atsimon'i Afrika (Angola, Botswana, Comores, République Démocratique de Congo, Eswatini, Lesotho, Madagascar, Malawi, Maurice, Mozambique, Namibie, Seychelles, Afrique du Sud, République-Unifiée de Tanzanie, Zambie, Zimbabwe)
SARS	Sampan-draharahan'ny hetra Afrikanina Tatsimo
USAID	Sampan-draharaha Amerikana misahana ny Fampandrosoana Iraisam-pirenena
VAT	Haba amin'ny tataom-bidy

# FIZAHAN-TAKILA

1.	FANOLORANA	4
2.	FANONDRANANA ENTANA	4
2.1	2.1 FANONDRANANA AVY AMIN'NY FIRENENA NOKINENDRY	4
2.1.1	ANGOLA	4
2.1.2	BOTSWANA	4
2.1.3	ESWATINI	4
2.1.4	LESOTHO	4
2.1.5	MALAWI	5
2.1.6	MOZAMBIQUE	5
2.1.7	NAMIBIE	5
2.1.8	ZAMBIE	5
2.2	DINGANA ARAHINA AMIN'NY FANONDRANANA	6
2.2.1	FANOMANANA NY FANONDRANANA	6
2.2.2	FANDRAKETANA AN-TSORATRA IREO MPANONDRANA	6
2.2.3	TOMBAM-BIDY AMIN'NY FANONDRANANA	7
2.2.4	FAKTIORA PROFORMA	7
2.2.5	FIKIRAKIRANA NY FAMANDRIHANA VOARAY AMIN'NY FANONDRANANA	8
2.2.6	FANEKENA NY FANDOAVAM-BOLA	8
3.	FANAFARANA ENTANA	9
3.1	IREO DINGANA FANAFARANA ENTANA – AFRIKA ATSIMO	9
4.	ANTONTAN-TARATASY	12
4.1	FAKTIORA PROFORMA	12
4.2	FAKTIORAM-BAROTRA	12
4.3	LISITRY NY FONOSAN'ENTANA	14
4.4	ANTONTAN-TARATASIN'NY FITATERANA	14
4.5	TARATASY FANAMARINANA NY FIHAVIAN'NY ENTANA	14
4.6	TARATASY FANAMARINANA ARA-PAHASALAMANA	15
5.	INCOTERMS®/ FIFANEKENA	16
5.1	INCOTERMS®	16
5.2	FIFANEKENA	16
5.2.1	IREO ADIDIN'NY MPIVAROTRA	16
5.2.2	NY FAHATOMOMBANAN'NY ENTANA	17
5.2.3	IREO ADIDIN'NY MPIVIDY	17
5.2.4	LALAN-KALEHA AMIN'NY TRANGA FAHARAVAN'NY FIFANEKENA	17
5.2.5	FIAMPITAN'NY RISIKA	17

6.	FAMATSIAM-BOLA SY FOMBA FANDOAVAM-BOLA	18
6.1	FANDOAVAM-BOLA MIALOHA	18
6.2	TARATASY FIFANAKALAZANA TROSA (LC)	18
6.3	FITAKIAM-BOLA TONTOSAIN'NY BANKY	20
6.4	KAONTY MISOKATRA	20

<b>FAMARANANA</b>	<b>21</b>
-------------------	-----------

TAKELAKA TEKNIKA : TANTELY	22
TAKELAKA TEKNIKA : VOKATRA VOAHODINA AVY AMIN'NY BIBY	24
TAKELAKA TEKNIKA : ZAVAMANIRY SY VOKATRA AVY AMIN'NY ZAVAMANIRY	26
LISTTRY NY VOKATRA AVY AMIN'NY ZAVAMANIRY SY IREO FIRENENA	
MAHAZO ALALANA : MARS 2020	27
TAKELAKA TEKNIKA : TSARAMASO MAINA	29
FANONTANIANA METY HIPETRAKA MATETIKA (FAQ)	30
TOVANA A : LES INCOTERMS®	31
TOVANA B : FEPETRA MANOKANA TSY MAINTSY ARAHINA MAHAKASIKA	
IREO VOKATRA SY ENTANA	40



# 1. FANOLORANA

Ny TradeHubn'ny USAID dia namokatra ity raki-kevitra hofitaovana sy torolalana amin'ny varotra ivelany iraisam-paritra ity mba hahafahana manampy amin'ny fampiakarana ny tahan'ny fanafarana entana any Afrika Atsimo miainga avy any Angola, Botswana, Eswatini, Lesotho, Malawi, Mozambique, Namibie ary Zambie.

Napetraka ho tanjona ny fiaraha-miasa amin'ireo sehatr'asa fampiroboroboana ny varotra sy ireo mpikambana amin'ny vondron'ny mpandraharaha matihanina (BMO) ary ireo mpanondrana sy mpanafatra entana mba hoenti-manatsara ny fahaiza-manao ara-teknika, hikatsahana vahaolana amin'ireo sakana ara-barotra, hanamorana ireo fifanarahana ara-barotra ho fampivoarana ny fanondranana entana mankany Afrika Atsimo.

# 2. FANONDRANANA ENTANA

Ny paika narahana nafahana namokatra ity raki-kevitra ho fitaovana sy torolalana ity dia ny famolavolana fikarohana tamina tahirin-kevitra maro miampy fanadihadiana tamin'ny alalan'ny famotopotorana miendrika fanontaniana izay nampahafantarina ireo sehatra voakasika isak'ireo firenena voafantina ho kinendry amin'izany.

## 2.1 FANONDRANANA ENTANA MISY ANY AMIN'IREO FIRENENA NOKINENDRY

### 2.1.1 ANGOLA

Manamorona ny morontsiraka atsimo andrefan'i Afrika no misy azy, i Angola dia manana mponina miisa 31,825 tapitrisa mampiasa ny teny portogey amin'ny ankapobeny. Manana velaran-tany mirefy 1,2 tapitrisa km<sup>2</sup> izy ary Luanda sy Lobito no seranan-tsabo lehibe ao aminy. Chine, Inde, États-Unis, Afrika Atsimo ary Espagne no firenena mpiara-miasa ara-barotra Amin'i Angola eo amin'ny lafiny fanondranana entana. Ny solika, ny etona fandrehitra ary ny diamondra no vokatra mibahana indrindra amin'ny entana fanondrana, fa nahatsapana firoboroboana ihany koa ny ny fanondranana mankany Afrika Atsimo tao ho ao ny voankazo (akondro sy melons (karazana voatango boribory)), ny trondro, ny fitaovana

### 2.1.2 BOTSWANA

Manana mponina miisa 2,3 tapitrisa amin'ny velaran-tany mirefy 566 730 km<sup>2</sup> izy, ny Repoblikan'i Botswana dia fantatra ho isan'ireo firenena vitsy mponina indrindra manerana izao tontolo izao. Tamin'ny taona 2019 dia ireto avy ireo firenena tena mpandray ny entana fanondrana avy any Botswana : Émirats Arabes Unis, Belgique, Inde, Afrika Atsimo ary i Chine. Tamin'ny taona 2020 dia nibahana tamin'ireo entana fanondrana nalefa tany Afrika Atsimo ireo vokatra mineraly, metaly sarobidy, ireo vokatra ara-tsakafo voahodina, ny fitaovana ary ny legioma. Ny vokatra voakasik'ity raki-kevitra ho fitaovana sy torolalana mahakasika ny varotra ivelany ity dia ny hena sy ireo vokatra voahodina avy amin'ny biby, ny lamba sy fitafiana, ny sira, ny taozavatra sy ny pitsopitsony, ny vokatra fikojana ny endrika amam-bika ary ny fitaovana fiarovan-tena manokana (EPI).

### 2.1.3 ESWATINI

Ny Fanjakan'i Eswatini dia firenena tsy manana sisin-dranomasina fa voahodidin'i Afrika Atsimo sy Mozambique. Manana mponina miisa 1,148 tapitrisa izy ary manana velaran-tany mirefy 17 200 km<sup>2</sup>. Amin'ny mponina afaka mamokatra dia manana taha 61% ny lehilahy ary 39% ny vehivavy. Mitsinjara toy izao ny fanondranan' entan'i Eswatini:ny 64% dia vokatra voahodina, 28% dia vokatra ara-tsakafo, ny 5% dia akora fototra avy amin'ny fambolena, ary ny 2% "zavatra hafa." I Afrika Atsimo no lohany amin'ny fanafarana entana avy any Eswatini izay mitentina hatramin'ny 1 284 tapitrisa dolara amerikanina izany tamin'ny taona 2019. Hifantoka amin'ireto vokatra manaraka ireto ity raki-kevitra ho fitaovana sy torolalana amin'ny varotra ivelany ity dia ny: voajo macadamia, ny tantely, ny lamba sy ny fitafiana, ireo saosy, ny akondro, ny vokatra ny asatanana sy ny taozavatra miampy ireo pitsopitsony, ary ny EPI.

### 2.1.4 LESOTHO

Ny Fanjakan'i Lesotho dia firenena mikatona ao anatin'ny sisin-tanin'i Afrika Atsimo, manana velaran-tany mirefy 30 000 km<sup>2</sup> ary mponina manakaiky ny 2,125 tapitrisa. Tamin'ny taona 2019 dia i Afrika Atsimo no firenena mitarika amin'ny fandraisana ny entana fanondrany, manaraka azy eo i États-Unis, Belgique, Inde, ary i Emirats Arabes Unis. Ny lamba, ny fitaovana ary ny kiraro no mibahana amin'ireo entana fanondrana. Ny raki-kevitra fitaovana sy torolalana amin'ny varotra ivelany dia hifantoka amin'ny trondron-dranomamy (truite), ny lamba sy ny fitafiana, ny rano amin'ny tavoahangy, zavamaniry fanao fanafody, ny asatanana sy taozavatra sy ny pitsopitsony ary ny EPI.



### 2.1.5 MALAWI

Ny Repoblikan'i Malawi dia firenena tsy misy sisindranomasina fa voahodidin'i Zambie, Tanzanie ary Mozambique. Manana mponina miisa 18,629 tapitrisa izy ary manana velaran-tany mirefy 4,280 km<sup>2</sup>, izay voarakotry ny farihy Malawi amin'ny ampahatelonany. Ireo firenena dimy voalohany mibahana amin'ny fanafarana entana avy amin'ity firenena ity dia i Belgique, Allemagne, Afrika Atsimo, États-Unis ary i Zimbabwe, ny vokatra ara-tsakafo amin'ny taha 89% no mibahana amin'ny vokatra fanondrana tamin'ny taona 2019. Ho kendrena amin'ity raki-kevitra Fitaovana sy torolalana amin'ny varotra ivelany iraisam-paritra ity ny voanjo lava, ny voanjo macadamia, ny voana soja sy vokatra novokarina avy amin'ny soja, ny vovo-tsiramamy, ny dité, ny saosy, ny tsaramaso voafantina manokana, ny kafe, ny vovoka sésame, ny voanjo, ny moringa, ny taozavatra sy asa tanana ary ny pitsopitsony.

### 2.1.6 MOZAMBIQUE

Ny Repoblikan'i Mozambique dia tany miteny portiogey manamorona ny oseana indiana avy eo atsinanany. Manana seranan-tsambo lehibe roa izy dia ao Maputo sy ao Beira, ary seranan-tsambo telo madinika hafa. Noho ny olana eo amin'ny lalana dia afaka mampiasa ny ranomasina izy hanondranana entana makany Afrika Atsimo. Firenena dimy no tena mitana ny lohalaharana amin'ireo fanondranany entana tamin'ny taona 2019 dia i Inde, Afrika Atsimo, Pays-Bas, Chine ary Singapour, ny 41% dia solika, 28 % dia vokatra mineraly sy metaly ary ny ambiny dia misy vokatra ara-tsakafo, akora fototra amin'ny fambolena sy vokatra voahodina. Ireo vokatra fanondrana ifantohan'ity Raki-kevitra fitaovana sy torolalana ho an'ny varotra ivelany iraisam-paritra ity dia ny voanjo lava, ny voanjo macadamia, ny voanjo cajou, ny trondro, ny tsaramaso voafantina manokana, ny kafe, ny moringa, ny taozavatra sy ny asa tanana ary ny pitsopitsony, ny tantely, ny vovoka baobab ary ny vokatra ho fikojana ny endrika amam-bika.

### 2.1.7 NAMIBIE

Namibie dia any amin'ny morontsiraka andrefana amin'ny faritra antsimon'i Afrika no misy azy, ahitana mponina miisa 2,495 tapitrisa, ary manana velaran-tany mirefy 823 290 km<sup>2</sup>. Ireo vokatra fanondranany dia mitsinjara ho mineraly sy metaly ny 40 %, vokatra voahodina ny 11 %, vokatra ara-tsakafo ny 22 % ary vokatra hafa ny 27 %. Ny firenena dimy tena ifantohan'ny fanondranana tamin'ny 2019 dia i Chine, Afrika Atsimo, Botswana, Belgique, Espagne. Manana seranan-tsambo roa i Namibie ary manana fahafahana mitatitra entana amin'ny sambo makany Afrika Atsimo ihany koa. Ny trondro, ny hena sy ny vokatra avy amin'ny hena, ny lamba sy ny fitafiana, ny sira, ny menaka oliva, ny atsenje na "dates", ny voaloboka nohamainina, ny voaloboka, ny arina fandrehitra, ny vokatra fikojana ny endrika amam-bika no vokatra hifantohan'ny Raki-kevitra fitaovana sy torolalana ho an'ny varotra ivelany iraisam-paritra.

### 2.1.8 ZAMBIE

Ny Repoblikan'i Zambie dia firenena tsy manana moron-dranomasina, mifanila amin'i République Démocratique du Congo, Tanzanie, Malawi, Mozambique, Botswana, Namibie ary Angola. Mnana velaran-tany mirefy 743 390 km<sup>2</sup> izy ary misy mponina miisa 17,86 tapitrisa ao aminy. Ny mineraly sy ny metaly dia mahatratra 71% n'ny vokatra fanondran'i Zambie tamin'ny taona 2019, ny ambiny dia vokatra ara-tsakafo, sy vokatra voahodina. Ny firenena dimy tena ivantanany fanondranana dia i Chine, Suisse, République Démocratique Congo, Namibie ary i Inde. Ny vokatra ho tomorina akaiky amin'ity Raki-kevitra fitaovana sy torolalana ho an'ny varotra ivelany iraisam-paritra ity dia ny voanjo lava, ny voanjo macadamia, ny voana soja sy ny vokatra azo amin'ny soja, ny tantely, ireo akora ahazoana siramamy, ny trondro, ny saosy, ny moringa, ny zavamaniry fanao fanafody sy akora voajanahary, ny taozavatra sy ny asa tanana ary ny pitsopitsony, ny tsaramaso voafantina manokan, ary ny vovoka sésame.

## 2.2 IREO DINGANA ARAHINA AMIN'NY FANONDRANANA

Miatomboka amin'ny tombana ataon'ny orinasa ny raharaha sahaniny sy ny fanomanana ny vokatra ilainy ireo dingana samihafa arahina amin'ny asa fanondranana. Tsy maintsy manatontosa ny fandraketana ny anarany any amin'ny fadin-tseranana, any amin'ny antenimieran'ny varotra eo amin'ny toerana misy azy, ary any amin'ireo sampan-draharaha hafa ilana izany eo an-toerana ireo mpandraharaha sy orinasa mpanondrana. Tsy maintsy mandefa tombam-bidin'ny entany, faktiora tombana ary antontan-taratasy momba ny fitaterana raha ilaina amin'ny mpividy entana iraisam-pirenena ireo mpandraharaha sy orinasa mpanondrana. Tsy maintsy ataon'ny mpandraharaha sy ny orinasa mpanondrana izay hahazoana tsara ny andinindininy sy ny pitsopitsony takian'ny Incoterm® nosafidiany na hampiasalny.

### 2.2.1 FIOMANANA AMIN'NY FANONDRANANA

Rehefa manana fikasana hanondrana vokatra ny orinasa dia tena zava-dehibe sy manan-danja tokoa ho azy ny manao tombana amin'ny vokatra haondrana sy mihevitra ny fiomanana rehetra tokony atao hiatrehana ny antokon'asa isan-tsokajiny ho sahanina mandritry ny fanondranana.

#### Fiomanan'ny orinasa

Ireto endri-javatra manaraka ireto no marika handrefesana ny fahavonon'ny orinasa:

- **Finiavan'ny** orinasa hibanjina sy hitrandraka ny tsena iraisam-pirenena satria ilàna fandaminana vaovao ny fiatrehana izany.
- **Fahalalàna amin'ny fitantanana** toy ny fananana traikefa amin'ny fivarotam-bokatra amin'ny firenena-kafa, ny fikirakirana ny famandrihana voaray ho amin'ny fanondranana, ny fahafantarana amin'ny antsipiriany ireo dingana tsy maintsy lalovana amin'ny fanondranana entana.
- **Ny hoenti-manana ara-bola.** Manana ny fahafahana ara-bola hiatrehana ny fanondranana entana ve ny orinasa satria lafo kokoa ny saran'ny fiatrehana ny fanitarana ho any amin'ny tsena iraisam-pirenena, raha miohatra amin'ny tsena eo an-toerana? Misy ve ny famatsiam-bola mifandraika amin'ny entana sy ny kojakoja hamonosana azy izay tinady sy takian'ny tsena iraisam-pirenena?
- **Fahaiza-manao ara-teknika** mba hiantohana ny vokatra hifanandrify amin'ny filàn'ny tsena iraisam-pirenena, ary hirosoana ihany koa amin'ny fikarohana fampivoarana hahafantarana misimisy kokoa ny mahakasika ireo rehetra mety ho mpifaninana.
- **Fahafahana** mamokatra sy mamatsy hanomezana fahafaham-po ny tsena iraisam-pirenena sy ny fahafahana mamokatra eo noho eo ihany koa.

- **Fanaovana andrimaso ny fivoaran'ny tsena iraisam-pirenena.**

#### Fanomanana ny vokatra

Azo refesina amin'ireto endri-javatra manaraka ireto ny ny fahamatoran'ny fanomanana ny vokatra :

- **Fahombiazana teo amin'ny tsena anatin'ny.** Io dia fototra iorenan'ny fahafahana mikaroka mpividy iraisam-pirenena amin'ny vidiny afaka hifaninanana.
- **Fifanandrifian'ny vokatra amin'izay filàna** amin'ny alalan'ny fanomezan-danja ny famaritana sy ny famahavahàna ny fomba fampiasana ny vokatra, ny fitoerany sy ny fonony, ny takelaka kely fanazavana ny asany mba hifanandrify amin'ny fenitry ny tsena iraisam-pirenena.
- **Firafitry ny saram-panamboarana ny vokatra** izay ahitana ny fitaovana nampiasaina ary aseho fa avy eo an-toerana daholo ihany izy ireo. Mety hiatrika famandrihana mankadiry ireo dingam-pamokarana ampiasana fitaovana isan-karazany. Fiomanana amin'ny fitsingevahevan'ny vidin'entana ary ny mety ho fidangan'ny saram-pitanterana.
- **Ireo vokatry ny mpifaninana.** Inona no mampivaka ny vokatra raha mitaha amin'ny vokatra arantin'ny mpifaninana ?
- **Fahasarotana amin'ny vokatra toy** ny hoe filana teknolojia amin'ny fampiasana ny vokatra. Mila fahaizana na fahalalàna manokana ve ny mpividy vao afaka mampiasa ny vokatra ary misy fepetra ve ny fomba fampiasa ny vokatra toy ny hoe haavon'ny tanjaky ny herin'aratra ? Mety hanana filàna amin'ny raharaha hafa ateraky ny fividianan ny vokatra ve ilay mpividy, toy ny hoe fanamboarana raha simba, na ihany koa ny mety ho filàny ireo kojakoja fanolo amin'ilay vokatra raha misy ny fahasimbana ?

### 2.2.2 FANDRAKETANA AN-TSORATRA IREO MPANONDRANA ENTANA

- Tsy maintsy voasoratra anaty firaketana avokoa ny mpanondrana entana rehetra vao afaka miroso amin'ny asany. Azo tanterahana eny amin'ny manam-pahefana mifanandrify amin'izany eo amin'ny toerana misy azy io fanoratana anarana amin'ny firaketana ho mpanondrana io.
- Ny fanamarinana ny fihavian'ny entana (COO) dia tokony ho vonona lalandava mialoha ireo fandefasana entana tontosaina eo amin'ny faritry ny Fiombonambe ho Fampandrosoana aty Atsimon'i Afrika (SADC) mba hisitraka ny tsy fandoavana haban-tseranana. Tsy maintsy misoratra ho mpikambana amin'ny Antenimieran'ny varotra /Ny Sampan-draharahan'ny Varotra/eny anivon'ny manampahefana eny ifotony izay mandray an-tanana ny fikirakirana io fanamarinana ny fihavian'ny entana io (COO).





## 2.2.5 FIKIRAKIRANA NY FAMANDRIHANA VOARAY AMIN'NY FANONDRANA-NA ENTANA

Raha vantany vao vonona ny fifanekena ara-barotra, mety ho tamin'ny alalan'ny famandrihana iraisam-pirenena ny entana, na ihany koa tamin'ny alalan'ny fanekena ny fifampivarotana amin'ny alalan'ny antontan-taratasy fifampitrosana, dia afaka miroso amin'ny fikirakirana ny famandrihana voarainy ny mpanondrana.

### FANDEFASANA IREO ENTANA

Raha vao tafapetraka ny fifanarahana dia tokony hanaraka ireto dingan'asa ireto ny mpanondrana :

1. Vakiana tsara ny taratasim-pamandrihana/na ny antontan-taratasim-pifampitrosana momba ny fifampivarotana ary marihina tsara avokoa ireo fepetra takian'ny mpividy. Raha misy asa ilaina ho vita mialohan'ny fandefasana entana dia tokony ho tanterahana avokoa izany mialohan'ny hamandrihana ny fitaterana sy ny fampidirana ny entana anaty ny fonony hitaterana azy. Ireo raharaha tokony ho tanterahana mialoha ny fandefasana entana ireo dia ahitana ny fanadihadiana savaranonando ny entana, ireo fitsirihana ara-pahasalamana, ireo famakafakana tsy maintsy tontosaina amin'ny vokatra, ary ireo asa ireo dia ezahana ho tanterahana mialohan'ny famonosana ny entana mifanandrify amin'ny fanondranana. Raha takiana ny tsy maintsy hanaovana ny iray amin'ireo fanadihadiana sy fitsirihana ireo dia alamina mialoha miaraka amin'ny antokon-draharaha misahana manokana izany ny fanatanterahana azy ary takiana aminy ny fanamarinana mifanaraka amin'ny fitsirihana notontosainy mialohan'ny fandefasana ny entana.
2. Misy taratasy mahakasika ny fanaraha-maso ny fanakalozam-bola vahiny tokony ho fenoina ary avy eo izy io dia angatahana fanamarinana avy amin'ny banky pitahiry. Io dia taratasy io dia fanambarana mamaritry ny fanekena ataon'ny mpanondrana imason'ny bankiny fa hisy vola hiditra avy any ivelany ho takalon'ny entana halefa. Tsy tokony hatao io fanambaràna io raha tsy mahaza antoka tsara ianao ny amin'ny haharaitra ny fifampivarotana.
3. Raha vantany vao vonona ho fonosina ny entana dia ampafantarina ny mpisahan-draharaha amin'ny fampitana entana mba hanaovany famandrihana amin'ny mpitatitra sy ny fitaterana manana toerana malalaka ka hiainga mialoha indrindra, na mivantana avy hatrany amin'ny mpitatitra manana ny tolotra izay mifanaraka amin'ny fepetra takian'ny mpanondrana. Manome toromarika ny mpisahan-draharaha amin'ny fampitan'entana ny mpanondrana, mandefa aminy ny taratasy voamarina amin'ny fanakalozam-bola vahiny, ary mangataka aminy handamina ny famoahana entana eo amin'ny fadin-tseranana sy handamina ny fitaterana ny entana. Raha ilaina dia afaka mikarakara ihany

koa ny fiantohana amin'ny fitaterana an-dranomsina ny mpisahan-draharaha amin'ny fampitan'entana. Tokony hisy fandaminana apetraka ny amin'ny fomba afahana mandray na manatitra ny entana eny amin'ny fitoeran'entan'ny mpisahan-draharaha amin'ny fampitan'entana.

4. Ny mpisahan-draharaha amin'ny fampitan'entana mpiara-miasa amin'ny mpanondrana no misahana ny fanaterana ny entana any amin'ny mpitatitra ary hahazoany sy handraisany ny antontan-taratasy mahakasika ny fitaterana izany ho porofo fa voarain'ny mpitatitra ny entana. Mandamina ny ny famoahana ny entana eo amin'ny fadintseranana ny mpisahan-draharaha amin'ny fampitan'entana eto ka ilàna ny fampisehoana ny taratasy fanambaràna fidirana ao amin'ny fadintseranana, ny taratasy voamarina manamafy ny fanaraha-maso ny fanakalozam-bola vahiny ary ny antontan-taratasy manamarinana ny fitaterana (ho an'ny fitaterana an'habakabaka, an-tanety ary an-dalamby). Rehafa tontosa izany rehetra izany dia atolotry ny mpisahan-draharaha amin'ny fampitan'entana amin'ny mpanondrana ny antontan-taratasy mahakasika ny fitaterana sy ny fiantohana.
5. Mamolavola sy mamoka avy hatrany ireo taratasim-barotra ny mpanondrana, toy ny faktioram-barotra, ny lisitry ny fonosan'entana ary avondrony avokoa ny antontan-taratasy mahakasika ny fanondranana. Ahitana ny antonta-taratasim-barotra, ny antontan-taratasim-pitaterana, ny antontan-taratasim-piantohana ary ireo taratasy rehetra fanamarinana ny fanaraha-maso nolalovan'ny vokatra sy ny entana eny ampelatanany.

## 2.2.6 FANKATOAVANA NY FANDOAVAM-BOLA

Raha vantany vao vonona sy tomombana ireo antontan-taratasy ireo ary mifandraika amin'ny fepetra voatondro takian'ny fifampivarotana an-taratasy fifampitrosana (na raha tsy mampiasa ity farany dia izay mifanaraka amin'ny fepetra voamarika anatin'ny famandrihan'entana), dia afaka miroso amin'ny fametrahana ny antontan-taratasy fangatahana fandoavam-bola ny mpanondrana. Raha fifampivarotana an-taratasy fifampitrosana ilay tranga, dia atolotr'ilay mpanondrana ny tompon'andraikitry ny banky mpifampiraharaha (amin'ny ankapobeny dia bankin'ny mpanondrana io) ireo antontan-taratasy ireo, ary miroso amin'ny fanamarinana azy ireo izy, maka toky fa mifandraika tanteraka amin'ny taratasy fifampitrosan (L/C) izy ireo, ary miroso amin'ny fandoavam-bola amin'ny mpanondrana. Mazava tsara eto fa fifampivarotana nifanarahana amin'ny fanekena L/C no natao, ary manaiky handray ireo taratasy fandoavam-bola tsikelikely ny banky ary misitraka fandoavam-bola isaky ny fe-potoana fiantaran'ireo taratasy fandoavam-bola tsikelikely isan'ny mpanondrana.

### 3. FANAFARANA ENTANA

Ny firenena Afrika Atsimo no mpanafatra entana amin'ity Raki-kevitra fitaovana sy torolalana amin'ny varotra ivelany isam-paritra ity, ary i Angola, Botswana, Eswatini, Lesotho, Malawi, Mozambique, Namibie ary i Zambie no mpanondrana entana. Ireo firenena valo ireo dia mpikambana ao amin'ny SADC avokoa, ity farany moa izay natsangana hampanjariana ny fampandrosoana sy ny fampivoarana ara-toekarena sy fampihenana ny tahan'ny fahantrana. Ny fifanarahana ara-barotra ao amin'ny vondron'ny SADC dia fifaneke-piarahamiasa teo amin'ireo firenena 16 mpikambana ao amin'ny SADC hitsinjovana ny tsy fandoavana ireo haban-tseranana sy mba ho fihoarana ireo mety ho sakana ara-barotra eo amin'ireo firenena samy mpikambana ao amin'ny SADC.

I Afrika Atsimo, Botswana, Eswatini, Lesotho ary Namibie ihany koa dia iray tarika ao amin'ny fikambanana antsoina hoe Fiombonan'ny Fadin-tseranana ao amin'ny faritra atsimon'i Afrika (SACU), izay mamela malalaka ny fivezivezen'ny entana eo anivon'ny samy mpikambana.

#### 3.1 IREO DINGANA ARAHANA AMIN'NY FANAFARANA ENTANA ANY AFRIKA ATSIMO

Ireo entana rehetra tonga any Afrika Atsimo amin'ny alalan'ny fifampivarotana manaraka ny lalàna sy fitsipika misy any an-toerana dia tsy maintsy nanaovana fanambaram-pidirana amin'ny alalan'ny taratasy voaomana mifanandrify amin'izany. Ny entana lazaina eto dia ireo karazan-javatra, ireo kojakoja, ireo vokatra, ny biby, ny vola vahiny sy entana hafa.

Ny mpanafatra entana rehetra dia tsy maintsy manatontosa fanambaram-paharaisana ara-dalàna ny entana ao anatin'ny fe-potoana voafetra. Antsoina hoe mpanafatra entana ny olona rehetra manaraka ireto fepetra ireto amin'ny fotoana hanafarana ny entana :

- Mampiseho fa manana entana hafarana ;
- Tompon'antoka tanteraka amin'ny risika mifandraika amin'ireo entana nafarana ;
- Maneho sy mampiseho fa sahala amin'ny hoe izy mihitsy no mpanafatra entana sy tompon'ny entana hafarana ;
- Raha bangoina izany dia mampiditra entana any Afrika Atsimo ;
- Mahazo na misitraka tombony, amin'ny endriny rehetra, azo avy amin'ny entana nafarana ; na
- Miasa amin'ny anaran'ny olona voalaza etsy ambony.

Ny olona rehetra mampiditra entana any Afrika Atsimo dia tsy maintsy manatona ny biraon'ny fadintseranana manatontosa ny fandraketana ny anarany.

Tsy mmaintsy hanaovana fanambarana any amin'ny fadintseranana anatin'ny fe-potoana tsy mihoatra ny fito andro ny entana, manomboka amin'ny fotoana hahazoana antoka fa nafarana araka ny lalàna mifehy ny fadintseranana sy ny fandoavan-ketra mifandraika amin'izany ireo entana. Raha fonosan'entana nampidirina anaty kontenera dia maharitra 21 andro io fe-potoana io, ary raha vokatra ivelan'ny kontenera no nandefasana azy dia tokony haharaisana fanambarana ao anatin'ny 28 andro.

#### Ny tsy maintsy hanaovana fanambarana fidirana

Ireo fanafarana entana avy any amin'ny toerana ivelan'ny SACU dia tsy maintsy hanaovana fanambarana amin'ny alalan'ny taratasy DA 500 voatanisa ao amin'ny antontan-taratasy tokana (DAU)–Bill of Entry.

Ho an'ny fivezivezen'ny entana avy ao Afrika Atsimo makany amin'ireo firenena mpikambana amin'ny SACU, dia tsy maintsy fenoin'ny mpanafatra entana ny taratasy fanaraha-maso eny amin'ny fadintseranana Zone (CCA) I (CCA I – nampifanadrifiana amin'ny SAD) – Fanambarana entana noraisina tamin'ny habaka na faritra SACU.

Ny fanambarana natao tany amin'ny fadintseranana tamin'ny alalan'ny filazana fidirana amin'ny fotoana hanatontosana ny fanafarana sy fanondranana entana dia tsy maintsy marina sy tsy misy tomika. Ny faneken'ny fadintseranana mandray ny filazam-pidirana dia tsy midika fa marina avokoa ny filazana voarakitra ao anatin'ny.

Ireo fanambarana fidirana sy ny antontan-taratasy rehetra miaraka aminy dia tokony ho tahirizina mandritry ny dimy taona. Raha mahatsikaritra fahadisoana ny fadintseranana, – ary mety hoe tokony efaina na tsia ireo haba – dia misy sazy voatondro ampiharina ary mety hahatratra avo telo heny amin'ny vidin'ny entana izany miaraka amin'ny fanagiazana ny entana.

#### Famenon'ireo antontan-taratasy ilaina:

Mba hahafahana mameno amin'ny antsakany sy andavany ny fanambarana fanafarana entana, dia misy ireo fanazavana tokony ho azo miainga amin'ny alalan'ny antontan-taratasy toy ireto voalaza manaraka ireto. Ohatra amin'izany antontan-taratasy izany ny :

- Antontan-taratasy mahakasika ny fitaterana (izany hoe, ny taratasim-pitaterana an-dranomasina, taratasim-pitaterana an'habakabaka, taratasim-pitaterana an-tanety, etc.) ;
- Faktiora ;
- Ny fifanekena an-tsoratra rehetra, raha ilaina ;

- Taratasy fanamarinana ny fanaraha-maso ny fanakalozana vola vahiny ; sy
- Fanomezan-dalana /Fanamarinana isan-tsokajiny.

Rehefa manatontosa fanambarana an-tsoratra dia tokony ampiarahana amin'io avokoa ny antontan-taratasy rehetra tsy ankanavaka. Amin'ny tranga hafa dia any amin'ny fadintseranana no mamolavola ireo antontan-taratasy ireo araka izay angatahany.

### Ny fizotry ny asa eny amin'ireo fadintseranana

Mampiasa fomba manokana fandrefesana ny risika ny fadintseranana eo am-panadihadiana rehefa mandray fanambarana fidirana. Izay dia mety hitarika ho amin'ny fitazonana ny entana nafarana mandrapiandry ny antontan-taratasy fanampiny ho tomombana mba hanamarinana ny fisokajiana sy ny fangataham-pirosoana amin'ny fitsirihana mivantana ny entana. Ny entana voasokajy ho milamina dia avotsotra amin'ny endriny nandraisana azy ihany. Angatahan'ny fadintseranana hampiseho ny fanamarinana sy fanaporofaona ny fanaraha-maso ny vokatra raha ilaina.

### Ahoana ny mahakasika ireo entana voarara sy iharan'ny fifehezana?

Tsy misy mahazo miditra any Afrika Atsimo ireo entana rehetra voarara na inona na inona antony. Tafiditra ao anatin'izany ny :

- Rongony sy ny zava-mahadomelina amin'ny endriny rehetra ;
- Basy sy fitaovam-piadiana izay fampiasan'ny miaramila sy ny hafa tsy manana laharam-pamantarana, ny zava-mipoaka sy ny afomanga ;
- Poizina sy ny akora mahafaty hafa ;
- Sigara manana lanja mihoatra ny 2kg amin'ny 1000 ;
- Entana izay tsy manaraka na manaja ny lalàna velona ny anarany, na ihany koa ny famaritana azy ara-barotra (ohatra ny entana dika mitovy nangalarana anarana) ;
- Famokarana tsy manara-dalàna avy amin'ny asa isan-karazany ananan'ny tompony fizakà-manana ; sy
- Entana novokarina tany amin'ny toeram-pamonjana sy toeram-pigadrana.

Ireo entana iharan'ny fifehezana dia mety ho afaka miditra any Afrika Atsimo ihany saingy tsy maintsy manaja ireo fepetra isan-karazany araka ny lalàna, izany hoe ilàna fampisehoana fanamarinana na fahazoan-dàlana avy amin'ny manampahefana mahefa sy mifanandrify amin'izany. Ohatra ireo fanafody, (ivelan'izany ny fatram-panafody tokony ho ampy iray volana ho an'ny fitsaboana olona manokana voaporofa an-taratasy fa avy amin'ny mpitsabo nahazo alalana manome izany) dia tsy azo hafarana raha tsy mampiseho fahazoan-dàlana avy amin'ny Tale Jeneralin'ny Sampandraharaha Nasionalin'ny Fahasalamana sy ny Fampanandrosoana ny Mponina.

### Ireo haba alaina amin'ny entana hafarana

Misy karazany telo ny haba alaina amin'ny entana hafarana:

- Haban-tseranana (ao anatin'izany ny haba fanampiny tataovana amin'ny vidin'ireo kojakoja lafo vidy na tsy dia ilaina loatra amin'ny fianana andavanandro sasantsasany) ;
- Haba hiadiana amin'ny varotra fatiantoka sy fifamenoana sara ; sy
- Haba amin'ny tataom-bidy na TVA (alaina ihany koa amin'ireo entana rehetra nafarana hiantoka ny fanjifana anatin'ny).

### Haban-tseranana

Ny haban-tseranana dia alaina amin'ireo entana nafarana ary kajiana amin'ny isanjaton'ny sandan'entana (voafaritry ny tovana amin'ny lalàna mifehy ny fadintseranana sy ny hetra amin'ny fanafarana). Na izany aza, ny tahan'ny haba ho an'ireto entana ireto dia ny hena, ny trondro, ny dité, ny vokatra sasantsasany avy amin'ny lamba, ny fitaovam-piadiana sasantsasany dia kajiana, na amin'ny isanjaton'ny sandany, na "cents" isaky ny singam-pandrefesana (ohatra isaky ny kilao na isaky ny metatra).

Ny haban-tseranana fanampiny nametrahana tatao amin'ny vidin'entana dia mihantra ho an'ny sokajin'entana sy kojakoja lafo vidy na tsy dia ilaina amin'ny andavanandro toy ny ranomanitra, ny basy ary ny kilalao arcade.

### Haba hiadiana amin'ny varotra fatiantoka sy fifamenoana sara

Ny haba hiadiana amin'ny varotra fatiantoka sy ny fifamenoana sara dia mihatra :

- Amin'ireo entana heverina fa hamidy amin'ny fatiantoka ao Afrika Atsimo ; sy
- Ireo entana hafarana mahazo tohana ara-bola.

Ireo entana ireo dia hanaovana fanadihadiana mahakasika ny vidiny sy ny fanentanana ny amin'ny hanondranana azy avy any amin'ny firenena nihaviany; miankina amin'ny vokatry ny fanadihadiana ny taha ampiharina. Ireo haba ireo dia kajiana, na avy amin'ny vidiny (isanjaton'ny vidin'entana), na raisina ho toy ny haba miavaka manokana (cents isaky ny singam-pandrefesana).

Ny sarany sy ny endriky ny haba ampiharina amin'ny vokatra dia faritana amin'ny alalan'ireto fepetra tanisaina manaraka ireto:

- Ny sandan'ny entana (vidiny voafaritry ny fadintseranana) ;
- Ny hadiry na habetsaky ny entana ; sy
- Ny fisokajiana araka ny lazam-bidin'ireo entana "(ny sokajim-bidiny).

## Ny haba amin'ny tataom-bidy

Ny fizaràna faha 7(1)(b) momba ny haba amin'ny tataom-bidy (TVA) amin'ny lalàna 89 tamin'ny 1991 dia mampiatra ny TVA amin'ny taha 14% n'ny entana hafarana any Afrika Atsimo avy any amin'ireo firenena mpanondrana, singanina amin'izany i Botswana, Lesotho, Namibie, ary i Eswatini. Na izany aza, misy entana sasantsasany hafarana any Afrika Atsimo izay tsy iharan'ny TVA amin'ny fanafarana – araka ny andininy 13(3) vakiana miaraka amin'ny Tovanal.

Ny andininy 13(2)(a) amin'ny lalàna mifehy ny TVA dia mamaritra ny sanda ampiharina amin'ny entana hafarana any Afrika Atsimo. Io sanda dia raisina ho sanda ilaina hikajiana ny haba amin'ny fadintseranana; miampy, ny haba rehetra alaina amin'ny fadintseranana sy ny hetra amin'ny fanafarana; miampy, 10% n'io vidiny io.

Na dia izany aza, ny andininy 13(2)(b) dia nijerena mialoha fa ny sanda raisina dia tsy ampiakarina mihoatra ny 10% ny sandany raha toa ka entana avy any Botswana, Lesotho, Namibie, Eswatini no fhaviany.

## Famaritana ny sanda eny amin'ireo fadintseranana

Ireo sanda eny amin'ny fadintseranana dia voafaritry ny fehezan-dalana fanaovana tombana amin'ny Fifanarahana faobe ho amin'ny lazam-bidy eny amin'ny fadintseranana sy ny varotra (GATT), ary misy fomba fanombanana karazany enina izy io.

Ny ankamaroan'ny entana dia tombanana amin'ny fomba fanombanana voalohany, izay tsy inona fa ny fandraisana ny tena vidin'entana marina tena nefain'ny mpividy mbola ho efainy. Ny vidiny “franco à bord” no fototra iorenan'ny sandany saingy misy karazana fanalefahana azo ampiharina (toy ny tombony nosandaina avy tamin'ny ny fanitarana ny fe-potoana nanatontosana ny fandoavam-bola) na fampitomboana (toy ny amin'ireo tamberim-bidy sasantsasany).

Hifantohan'ny mpiasan'ny fadintseranana misimisy kokoa ny :

- Fifandraisana misy eo amin'ny mpividy sy ny mpivarotra;
- Ny fandoavam-bola ivelan'ny zotra fifampivarotana ara-dalàna (toy ireo tamberim-bidy sy ireo haba amin'ny fahafaha-mitrandraka) ; sy
- Ireo fepetra fifehezana apetraky ny mpividy.

Ireo zavatra nifantohana ireo dia mety hampiakatra ny vidiny mba hahafahana mamaritra ny sanda horaisina amin'ny fadintseranana izay hisy fiantraikany mivantana amin'ny haba tsy maintsy efaina.

## Ahoana ny mahakasika ny fitateran'entana miditra any Afrika Atsimo?

Rehefa tonga any Afrika Atsimo ny entana dia tsy maintsy misy taratasy vokarina mamelabelatra ny entana rehetra nafarana. Mba hahafa-po ny fadintseranana dia tokony hisy fanambarana fidirana ho an'ny entana rehetra.

Raha tsy tontosan'ny mpanafatra entana na ny tompon'entana io fanambarana fidirana io dia mety ho giazana ny entana ary afindra any amin'ny fitobian'entan'ny fanjakana.

## Fametrahan'entan'ny fanjakana

Ny fitondram-panjakana dia manomana fitoeran'entana izay fananan'ny fanjakana moa izy io mba hitahirizana ireo entana. Ny tena tanjona fototra dia ny hiantohana ny fidiran'ny haba sy ny TVA avy amin'ny entana tsy nanaovana fanambarana na tsy noraharahian'ny tompony intsony, na nogiazan'ny fadintseranana. Entana izay nogiazana sy tazonina vonjimaika mba hampiharana ny sokajin'ny lazam-bidy araka ny tokony ho izy. Ny entana tsy misy fahazoan-dalana ihany koa dia tehirizina ao amin'ny fitoeran'entan'ny fanjakana.

Raha vantany vao mahavita manaja ireo fepetra rehetra takian'ny fadintseranana ny mpanafatra na ny tompon'ny entana dia afaka avotsotra ny entana rehefa tontosa ny fanefana ny saran'ny fitoeran'entan'ny fanjakana. Ireo entana tsy misy mpiraharaha dia mety hatao lavanty ampahibemaso aorian'ny fe-potoana voafetra miatomboka amin'ny andro nandraisana ireo entana tao amin'ny fitoeran'entan'ny fanjakana. Ny vola miditra amin'izany dia hanefana ny haba sy ny TVA ary fananiana hafa tamin'ny entana nogiazana.

## 4. ANTON-TARATASY

Maro isan-karazany ireo antontan-taratasy ilaina rehefa miatrika fanafarana sy fanondranana entana. Ny tsy fahatomombanan'ny antontan-taratasy dia mitarika amin'ny fiitaran'ny fe-potoana fikirakirana ny fandefasana entana sy ny fahataràn'ny ary miteraka fison-drotana be eo amin'ny saran'ny fikirakirana. Tsy maintsy mahafehy ny fahafantarana amin'ny antsipiriany ny antontan-taratasy rehetra ilaina sy takiana aminy ny mpividy sy ny mpivarotra mialohan'ny fandefasana entana, tsy maintsy mahafehy ireo dingana sy fomba hahatongavana amin'ny fahazoana ireo antontan-taratasy ireo miaraka amin'ny fandanianana mifandraika amin'izany.

Ohatra raisina ny fomba hahazoana fahazoan-dalana manafatra vokatra ny fambolena izay tsy maintsy hametrahana fangatahana an-tsoratra alefa any amin'ny tompo-andraikitra ny Sampan-draharaha afrikana tatsimo misahana ny fambolena, ny fanavaozana ny fizakan-tany ary ny fampandrosoana ny eny ambanivohitra (DALRRD) manazava ny antsipiriany rehetra ilaina, mitentina 190 Rand Afrikana tatsimo (ZAR) (isaky ny fangatahana) ny vola tsy maintsy efaina ary mety haharitra hatramin'ny 30 andro ny faharetan'io dingana io. Tsy hahazo hiditra any Afrika Atsimo mihitsy ny entana raha tsy misy ny fahazoan-dalana hanafatra.

### 4.1 NY FAKTORA PROFORMA

Ny faktora proforma dia tombam-bidy miendrika faktora, izay mety ho takian'ny mpividy mba hahafahany manao ny fangatahana fahazoan-dalana hanafatra, hanao fifanarahana amin'ny fanadihadiana ny entana mialohan'ny fandefasana, ary manokatra taratasy fifampitrosana na manomana fifanakalozana vola vahiny mankadiry.

Ny faktora proforma dia tsy voatery ho anisan'ny taratasy tena takiana fa saingy azon'ny mpividy hitrandrahana sy handraisana ireo antsipirian-javatra ilainy hahafahany manatontosa amin'ny fomba ara-dalana ny fanafarana vokatra.

Ireo faktora proforma dia ahitana taratra indrindra ireo antsipirian-javatra nofonosin'ny tombam-bidy ofisialy. Amin'ny ankapoben'ny tranga hita dia mitovy ihany ireo taratasy roa ireo ary samy afaka mandeha singany manolo ny toeran'ny andaniny na ny ankilany ny tsirairay avy aminy. Ahafahan'ny mpividy mahazo sy mahafantatra ny vaovao rehetra mahakasika ny famandrihan'entana ny faktora proforma, handraisany fanapahan-kevitra mahomby sy mifanandrify amin'izay tokony hataony.

Ireo faktora dia fitaovana entina mampahafantatra ny mpividy sy ireo manam-pahefana isan-tsokajiny ny mahakasika ny antsipirian'ny entana halefa sy ho tonga; tsy misy fanovana azo tanterahana ao anatin'io faktora io raha tsy nahazo ny fankatoavan'ny mpividy.

Mitovy amin'ny antsipirian-javatra hita ao amin'ny tombam-bidy ihany dia indreto avy no fampahafantarana ao anatin'ny faktora proforma:

1. Anarana sy adiresin'ny mpivarotra.
2. Anarana sy adiresin'ny mpividy.
3. Laharam-pamantarana ny mpividy.
4. Fitansana ireo kojakoja amidy.
5. Vidin'ireo kojakoja: isaky ny singany sy ny tambabe.
6. Lanja sy refin'ny kojakoja sy vokatry voatanisa ao.
7. Fihenam-bidy, raha misy.
8. Fepetran'ny fifampivarotana na ny Incoterm® ampiharina (lazaina mazava ny mahakasika ny toerana hanaterana ny entana).
9. Fepetra arahina amin'ny fandoavam-bola.
10. Fotoana sy vanin'andro tombana handefasana ny entana.
11. Fe-potoana mampanan-kery ny tolotra.

### 4.2 NY FAKTORAM-BAROTRA

Ny faktoram-barotra dia taratasy tsy maintsy ilaina amin'ireo dingan'ny fikirakirana ny famoahana sy fampidirana entana amin'ny fadin-tseranana amin'ny fanafarana sy fanondranana entana. Takiana matetika ihany koa izy io rehefa mikarakara taratasy fanakalozam-bola vahiny. Any amin'ny firenena misy ny mpividy dia io no taratasy ampiasain'ny mpiasan'ny fadin-tseranana rehefa hanao tombana ny haba sy ny hetra tokony ho efaina amin'ny fanafarana.

Mialohan'ny hanoratana ny faktoram-barotra ho amin'ny fitodiana vaovao dia tsara kokoa ny mikaroka sy manao angom-baovao amin'ny loharanom-baovao azo antoka mahakasika ireo fepetra manokana takian'ny isam-pirenena.

Misy firenena maromaro mametraka fepetra fa tokony ho hita taratra ao anatin'ny taratasy fenoina manokana ny faktora, kanefa na izany aza dia manaiky ny endriky ny faktoram-barotra asehon'ny mpivarotra na ny mpanondrana ihany ny ankamaroan'ny firenena mpanondray rehefa feno sy tomombana fotsiny izay voatanisa rehetra ao anatin'ny.

Ankoatra ny fanazavana hita ao anatin'ny faktora proforma izay taterina ao amin'ny faktoram-barotra dia miampy amin'ity farany ny ny laharam-pandaminana ny lazam-bidy voarindra afrikana tatsimo saingy hatramin'ny isa faha-enina ihany. Ny fisian'io dia manafaingana ireo dingana lalovana amin'ny famoahana entana amin'ny fanondranana eny amin'ny fadin-tseranana sy ny famoahana entana amin'ny fanafarana ihany koa mbola eo anivon'ny fadin-tseranana ihany saingy any amin'ny firenena misy ny mpividy, satria io dia maneho ny fomba fanoratra maneran-tany ireo entana ho amin'ny asan'ny fadin-tseranana sy ho an'ny sampan-draharahan'ny hetra. Misy singa hafa ihany koa tokony mbola ho tsikaritra ao amin'ny faktoram-barotra dia ny toromarika mahakasika ny fanaraha-maso ny toerana tena halehan'ny entana. Eny fa na dia tsy tena takiana aza izy io amin'ny fanondranana rehetra, dia miendrika fanambarana afahana miaro manokana ny mpanondrana raha sanatria ka haondran'ilay mpividy any amin'ny toerana voarara ny entana na ampiasainy amin'ny fomba voarara.



### 4.3 NY LISITRY NY FONOSAN'ENTANA

Tena miharihary sy amin'ny antsipiriany sady hahafataran-javatra raha mitaha amin'ny listry ny fonosan'entana tsotra amin'ny fitaterana anatin'ny. Ny listry ny entana amin'ny asa fanondranana dia maneho mazava mahakasika ny mpivarotra, ny mpividy, ny mpandefa ny entana, ny laharan'ny faktiora, ny andro nanaovana ny fandefasana, ny fomba hitaterana ny entana, ny mahakasika ny mpitatitra ary mampivoitra ny kalitaon'ny entana, ny filazalazana mahakasika azy, ny karazana fonon'entana ampiasaina toy ny hoe boaty, kesika, barika, baoritra, ny isa na fatran'ny fonosan'entana, ny lanja tambabe afakaratsaka na tsia (amin'ny kilao), ny anarana ara-barotra, ny refin'ireo fonosan'entana raha ilaina. Eny amin'ny mpandraharha amin'ny fampitana entana na ihany koa eny amin'ny magazay mpivarotra taratasy dia ahitana avokoa ny taratasy fenoina momba ny listry ny fonosan'entana io. Ny listry ny fonosan'entana dia azo lazaina ho tahirin-kevitra tomombana manaraka ny fenitra. Tsy natao hasolo ny faktioram-barotra tsy akory izy. Araka izany, ny mpiasan'ny fadin-tseranana dia afaka mampiasa ny listry ny fonosan'entana mba hitsirihana ny entana satria fantatra fa ny faktioram-barotra dia tsy maintsy hahitana taratra ireo antontam-baovao rehetra mipetraka ao anatin'ny listry ny fonosan'entana.

### 4.4 NY ANTONAN-TARATASIN'NY FITATERANA

#### Taratasy fitaterana an'habakabaka

Ireo fandefasana entana amin'ny alalan'ny sidina an'habakabaka dia tsy maintsy ilàna ny taratasy fitaterana an'habakabaka. Manaraka ny entana alefa amin'ny sidina an'habakabaka iraisam-pirenena io taratasy io. Manazava amin'ny antsipiriany rehetra amin'ny fandefasana izy ary hahafahana manara-maso ny diany. Natokana irery ihany ho an'ny mpandefa ny entana ny antontan-taratasy fitaterana an'habakabaka, koa araka izany dia tahirin-kevitra tsy afaka hifampiraharahàna izy io (izay mifanohitra amin'ny fampiasana ny taratasim-pitaterana "azo hanaovana famandrihana" ampiasaina amin'ny fandefasan'entana an-dranomasina).

#### Taratasim-pitaterana an-dranomasina

Ny taratasim-pitaterana an-dranomasina dia fifanarahana eo amin'ny tompon'entana sy ny mpitatitra (mitovy amin'ny fandefasana entana nasionaly eo an-toerana). Misy karazany roa no fampiasa matetika amin'ny fandefasana entana an-dranomasina :

- Antontan-taratasim-pitaterana nifanarahana izay tsy afaka hanaovana fifampiraharahàna, ary
- Afaka hifampiraharahàna, na antontan-taratasim-pitaterana mifototra amin'ny baikon'ny mpandefa ny entana.

Ity farany dia afaka ampiasaina mba hividiana na hivarotana entana eo am-pandalovany amin'ny toerana iray. Ilain'ny mpividy eto ny taratasim-pitaterana fototra tany am-boalohany ho porofo hanamarinany ny maha-azy ny entana handraisany azy ho fananany mandritry ny fitaterana an-dranomasina.

### 4.5 FANAMARINANA NY FIAVIAN'NY ENTANA

Ireo fanamarinana ny fihavian'ny entana (COO) dia mety ho takiana mba hahafahana manaja ireo fepetra tsy maintsy arahana any amin'ny fadin-tseranana vahiny (izany hoe ny any amin'ny firenena mpanafatra), ho an'ny fikarakarana taratasim-pifampitrosana na noho ny fangatahan'ny mpividy tsotra fotsiny. Misy karazany roa ny COOs :

- Ny voalohany dia fantatra amin'ny hoe "fototra iombonana" na "tsy iangarana," izay midika fa ny firenena nihavian'ny entana voamarika ao anatin'ny antontan-taratasy miaraka amin'ny firenena hivantanany dia tsy manome alalana amin'ny fanomezana tombon-tsoa manokana amin'ny fikarakaràna ireo entana.
- Ny karazana fanamarinana faharoa mety ho takiana dia mba hahazoana tombon-tsoa amin'ny lazam-bidy eo amin'ny sehatry ny fifanarahana fifanakalozana ara-barotra malalaka (FTA).





## Fanamarinana fiavian'ny entana « fototra iombonana »

Ny COO fototra iombonana dia iray amin'ireo antontan-taratasy tena takiana matetika. Toy izao ny zavatra tsy maintsy fantatrao mahakasika ny fotoana ilàna azy, ny fomba fanamarinana azy, ary ny toerana hahazoana azy mba hanamora ny fifampivarotana amin'ny fanondranan'entana :

- Any amin'ny firenena sasantsasany, ny COO n'ny entana manontolo na ny amin'ny ampahany dia mety ho tsy maintsy takiana. Matetika dia fanambarana fihavian'ny entana soratana amin'ny anaran'ny orinasa, misy ny fitomboka sy ny sonian'ny tompon'andraikiny dia ampy. Tokony hanara-maso akaiky sy hanontany ny mpividy na/sy ny mpanandava mpamoaka entana amin'ny fadintseranana/ ny mpanandraharaha matianina amin'ny fampitana entana ny mpanondrana raha toa ka takiana sy ilaina ny COO.
- Ho an'ireo vokatra lamba dia mety hitaky ny COO navoakan'ny orinasa mpamokatra ny firenena mpanafatra.
- Mety hiova arakaraky ny firenena ny isan'ny dika mitovy ho takiana sy ny fiteny nandrafetana ny COO.

## Fanamarinana fihaviana ao anatin'ny Fifanarahana Fifanakalozana Ara-barotra Malalaka (FTA)

Misy COO sasantsasany mety afahana misitraka taha amin'ny lazam-bidy ahazoana tombontsoa misimisy kokoa eo amin'ny sehatra FTA. Ireo COO ireo dia afahana manamarina fa ny entana voatanisa ao dia ampandraisina anjara amin'ny fisitrahana tombony amin'ny tsy fandoavana haba na fampihenana lazam-bidy satria manitatra io tombontsoa manokana io any amin'ny firenena nihavian'ny entana ny firenena mpanafatra.

## 4.6 FANAMARINANA ARA-PAHASALAMANA

Natao ny fanamarinana ara-pahasalamana mba hahafahana maneho fa ny fandefasana ireo vokatra ara-pambolena sy zavamaniry na ireo vokatra iharan'ny fifehazana dia manaraka antsakany sy andavany ireo

fepetra ara-pahasalamana takiana amin'ny fanafarana entana izay nofaritana ary mifanaraka ihany koa amin'ny fanambarana voamarina sy mitovy amin'ny hita ao anaty modelin'ny fanamarinana nandikana azy. Izay ihany no antony namoahana ny fanamarinana ara-pahasalamana. Ny modelin'ny fanamarinana dia mampiseho ny endrika amin'ny ankapobeny sy ny fomba fanehoana mahazatra tokony harahina rehefa tena hanamboatra fanamarinana ara-pahasalamana ofisialy.

Izany dia ilaina raha mila hahazo toky amin'ny fananan-kerin'ny antontan-taratasy karakaraina, mba ho azo fantarina mora foana ary mba hahazoana antoka fa voatititra avokoa ny tsara ho fantatra rehetra tokony ho hita ao anatin'ny.

Tsy tokony hangataka fanamarinam-pahasalamana ny ny firenena mpanafatra afatsy amin'ireo vokatra iharan'ny famerana ihany. Tsy inona izany fa ny zavamaniry, ny voniny amin'ny zavamaniry sy ny masomboly hafafy, ny voankazo sy ny legioma, ny voniny sy ny sampany amin'ny voninkazo, ny voamadinika sy ny voamaina ary ireo voly salasalany. Atao ihany koa ny fitakiana ny fanamarinana ara-pahasalamana ho an'ny karazan-bokatra amin'ny fambolena efa nandalo fanodinana, ary ireo dia arakaraky ny toetrany sy ny endrika isehoan'ny fiovany taorian'ny fanodinana, mety hitondra bibikely mpanandrahana iharan'ny famerana (Ex: ny hazo, ny landihazo). Ny fanamarinana ara-pahasalamana ihany koa dia mety ho takiana amin'ny entana hafa iharan'ny famerana izay voamarina ny fepetra ara-pahasalamana ferana aminy noho ny antony ara-teknika (ohatra ny kontenera foana, ny fiarakodia, ireo zavamanan'aina isan-karazany).

Ny firenena mpanafatra dia tsy tokony hitaky ny fanamarinana ara-pahasalamana amin'ireo vokatra ara-pambolena efa voahodina izay heverina fa tsy hatahorana hitondra bibikely mpanandrahana iharan'ny famerana ara-pahasalamana na amin'nyvokatra sy entana hafa izay tsy hilàna fepetra ara-pahasalamana.

Ny ivotoeram-pirenena natao hiaro ny zavamaniry (NPPOs) dia tokony hanome alalana fifanarahana eo amin'ny firenena roa tonta mpanafatra sy mpanondrana ny amin'ny fanomezan-dalana raha misy tsy fitoviam-pijery mahakasikany ny maha-mety na tsia ny hilàna fanamarinana ara-pahasalamana. Ny fanitsiana sy ny fanavaozana ny fanamarinana ara-pahasalamana dia tokony atao anaty mangarahara tanteraka sy tsy misy fanavakavahana.



## 5. INCOTERMS®/ FIFANEKENA

Vitsy ny fifanekena ara-barotra atao an-tsoratra. Ny ankamaroany dia fifanakalozana amin'ny mailaka miatomboka amin'ny fangatahana tombam-bidy. Vitsy ihany ny mpividy sy ny mpivarotra manana fanahiana amin'ny resaka fandoavam-bola, ny miahiahy amin'ny hahatongavan'ny entana na tsia, ny miahiahy amin'ny fahasimban'ny entana, sns. Tena zava-dehibe ny hamaritana tsara ireo fepetra rehetra ifampifehezana amin'ny fifanarahana hatao mba hisorohana ny ahiahy amin'ireo risika voatanisa ireo, indrindra fa raha toa ka tsy nanao sonia niditra ho mpikambana amin'ny fifanarahana momba ny varotra iraisam-pirenena ny firenena mpanondrana /mpanafatra (CISG).

Ny fampiharana ny Incoterms® novolavolain'ny Antenimieran'ny Varotra Iraisam-pirenena (ICC) dia mety hampihena ireo risika na ahiahy isan-tsokajiny satria ireo fepetra ireo dia natao hamerana ny adidy aman'andriketry ny mpividy sy ny mpivarotra, hamantarana ny fotoana sy ny teboka hampitana ny risika, ny teboka manambara marina sy mazava hoe iza ho tompon'antoka amin'ny fandania tsy maintsy atrehana isaky ny dingana lalovana. Ireo fitsipiky ny Incoterms® 2020 dia nampiharina vao tsy ela iza y; na izany aza anefa, ny ankamaroan'ny mpivarotra dia mbola mijanona mampiasa ihany ireo fitsipiky ny Incoterms® 2010 ary ny sasany aza dia mbola mijanona amin'ny ny fitsipiky ny Incoterms® 2000. Ity Raki-kevitra fitaovana sy torolalana amin'ny varotra ivelany iraisam-paritra ity dia mampiasa ny fitsipika amin'ny Incoterms® 2020 sy ny fitsipika amin'ny Incoterms® 2010. Ireo mpividy sy mpivarotra dia samy mangetaheta hahafantatra sy hifehy ary hahazo amin'ny antsipiriany ireo adidy aman'andraikitra mifanandrify amin'izy ireo avy mandritry ny fifampivarotana isanisany ary ireo Incoterms® dia rijan-teny tsotra ampiasaina hoentina hampazava ny pitsopitsony sy ny fahasaratana mifandraika amin'ny lalàna raha toa ka mahafantatra sy mahazo tsara ny adidy aman'andraikiny ny andaniny sy ny ankilany.

### 5.1 INCOTERMS®

Napetraka ao amin'ny tovana amin'ity tahirin-kevitra ity ireo Incoterms®. Ny mpividy sy ny mpivarotra dia afaka misafidy malalaka ny Incoterm® manokana sy mifanandrify amin'izay tianay ampiasaina amin'ny fifanekena ifanaovany ary mikaroka ireo antsipirian'ny sarany, ny hahatafavoahany ary ny hahakely indrindra ny risika mifandraika aminy.

Izy io dia fitaovana narafitra mba hahazoan'ny mpividy sy ny mpivarotra antoka hoe Incoterms mety sy saha no ampiasainy ary azony sy fantany ny andraikitra sy ny risika rehetra mifandraika amin'izany safidy izany.

Mandritry ny fisafidianana ny Incoterm®, hifanarahana hampiasaina dia ilain'ny mpividy sy ny mpivarotra ny mihevitra ireto lafin-javatra manaraka ireto :

- ny traikefa ananan'izy ireo momba ny varotra iraisam-pirenena a ;
- ny risika mifandraika amin'ny Incoterm® ;
- ireo fandania sy ny andraikitra ara-bola ; aryny
- traikefa eo amin'ny fitantanana ny fitaterana ; ny mpiara-miasa, ireo mpamatsy entana ho amin'ny fandefasana iraisam-pirenena.

### 5.2 IREO FIFANEKENA

Tafapetraka ny fifanekena rehefa nalefa ny tolobidy ary neken'izay iantefany. Ny tolobidy dia mety nalefa tamin'ny endrika filazana na koa tombam-bidy naporitaka amin'ny fomba samihafa ho an'izay liana. Rehefa manaiky ny tolotra ny olona ivantanany ao anatin'ny fe-potoana mampanan-kery azy ary tsy misy fanovana ny votoatiny dia eo amin'io fotoana io no miforona sy raikitra ny fifanekena.

#### 5.2.1 IREO ADIDIN'NY MPIVAROTRA

Tsy maintsy alefan'ny mpivarotra ny entana miaraka amin'ny antontan-taratasy rehetra mahakasika azy ary hampitana ny fizaka-manana azy. Ny fampitana ny fizaka-manana ny entana dia miteraka ny fandefasana





ny antontan-taratasy momba ny fitaterana mba hahazoan'ny mpividy misitraka ny fahazoana mandray ny entana nalefa sy naterina.

### 5.2.2 NY FAHATOMOMBANAN'IREO ENTANA

Tsy maintsy tomombana sy mifanaraka tsara tamin'ny famaritana azy tany am-boalohany ireo entana amin'ny lafiny kalitao, amin'ny fatrany na ny isany. Tsy maintsy entana vonona sy afaka ampiasaina no tonga ; mitovy kalitao amin'ny santiona sy ny modely naseho ; ary voakajy sy voafono araka ny fenitra mba hitahirizana sy hiarovana azy.

### 5.2.3 IREO ADIDIN'NY MPIVIDY

Manana adidy ny mpividy handoa ny vola vidin'entana ary ao anatin'ny fombafomba tokony ho tanterahany mifanaraka amin'ireo andininy voatanisa amin'ny fifanekena izany. Tsy maintsy raisin'ny mpividy ireo entana nalefa sy nampanaterina any aminy.

### 5.2.4 LALAN-KALEHA AMIN'NY TRANGA FAHARAVAN'NY FIFANEKENA

#### Ireo zon'ny mpividy :

- Afaka mitaky onitra sy fanonerana ny mpividy ;
- Afaka mitaky ny hanoloana ny entana tsy tomombana sy tsy mifanaraka tamin'ny voafaritra tao anaty fifanekena ny mpividy ;

- Afaka mitaky amin'ny mpivarotra ny hanamboarana ny entana ny mpividy ;
- Afaka manitatra sy mametra fe-potoana fanampiny hanatanterahany ny adidy mifanadrify aminy ny mpividy ; ary
- Afaka manapaka na mandrava ny fifanekena ny mpividy.

#### Ireo zon'ny mpivarotra :

- Afaka mitaky onitra sy fanonerana ny mpivarotra ;
- Ny mpivarotra dia afaka mitaky amin'ny mpividy hanatanteraka ny fandoavam-bola, ny handray sy hanaiky ny entana nalefa ary hanatanteraka ireo adidy hafa mifanandrify aminy ;
- Afaka manitatra sy mametra fe-potoana fanampiny hanatanterahany ny adidy mifanandrify aminy ny mpivarotr a ; ary
- Afaka manapaka na mandrava ny fifanekena ny mpivarotra.

### 5.2.5 FAMINDRANA IREO RISIKA

Ny risika dia mfindra araka ny voatanisa ao amin'ny Incoterm<sup>®</sup> nosafidian'ny mpivarotra sy ny mpividy. Ny fahaverezana na fahasimban'ny entana aorian'ny famindrana risika amin'ny mpividy dia tsy manakana azy amin'ny adidiny amin'ny fandoavana ny vola vidin'entana, raha tsy hoe angaha avy amin'ny fanadinoana na fahadisoan'ny mpivarotra no nahatonga ny fahaverezana na fahasimbana.

## 6. FAMATSIAM-BOLA SY FOMBA FANDOAVAM-BOLA

Il Misy karazany maro ireo fomba fandoavam-bola amin'ny varotra iraisam-pirenena. Ireto ho tanisaina ireo dia ao anatin'ny :

- **Fandoavam-bola mialoha**
- **Taratasy fifanakalozana trosa**
- **Fitakiam-bola amin'ny alalan'ny antontan-taratasy**
- **Kaonty misokatra**

### 6.1 NY FANDOAVAM-BOLA MIALOHA

Izy io no fomba tena azo antoka haharaisana ny vola vidin'entana, saingy tsy dia tena ampiasaina loatra ity fomba ity. Arak'ireo fepetra ireo dia miroso amin'ny fandoavana vola mialoha tambabe na amin'ny ampahany amin'ny fanefasana ny mpividy.

Tena ahazoan'ny mpivarotra tombony ity fomba fandoavam-bola ity satria tsy manana ahiahy sy mieritreritra risika ny mety tsy hahazoany vola tambabe na amin'ny ampahan'entana izy ; saingy tsy mety loatra ho an'ny mpividy satria miantoroka manontolo ny famatsiam-bola ity farany.

Misafidy hampiasa ity fomba ity ny mpanondrana entana raha toa ka tsapany fa mankadiry ny risika amin'ny mety tsy ahazoany ny volany, na namboarina araka ny fangatahana manokan'ny mpividy ny entana ary ilay mpamokatra sy mpanamboatra ny entana no tsy maintsy nampiasa vola betsaka nafahana nampanjary azy.

Ny fitsipika mifehy ny fifanakalozana any amina firenena sasantsasany dia tsy manome alalana ny fandoavana vola mialoha amin'ny fanafarana entana.

### 6.2 TARATASY FIFANAKALOZANA TROSA (LC)

Ny taratasy fifanakalozana trosa (LC) dia sora-panekena tontosain'ny banky handrotsaka vola voafaritrazo mazava ho an'izay hisitraka azy, raha toa ilay olona hisitraka azy ka mampiseho antontan-taratasy mifandraika tsara amin'ireo fepetra voalaza ao anaty LC.

Ohatra fotsiny, ho an'ny fanondranana miaina avy any Afrika Atsimo, sokafana araka ny fangatahan'ny mpanafatra entana ny LC ary ny bankiny no manoratra azy, avy eo alean'io banky io any amin'ny banky mpiara-miasa aminy any Afrika Atsimo. Ny banky afrikana tatsimo indray mandefa azy any amin'ny mpanondrana entana, na mampahafantatra ity farany ny amin'ny fahatongavan'ny LC.

Ny ankamaroan'ireo LC ara-barotra rehetra dia amin'ny alalan'ny antontan-taratasy avokoa, izay midika fa ny fandoavam-bola dia tontosaina amin'ny taratasy fandoavam-bola tsikelikely n'ily mpisitraka azy, ampiarahana amin'ireo antontan-taratasy takian'ny fepetran'ny LC.

Ireo antontan-taratasy ireo, amin'ny ankapobeny dia ahitana farafahakeliny ny faktioram-barotra, ny fifanaraham-pitaterana, ny fanamarinana fiantohana ary ny fanamarinana ny fihavian'ny entana CO.

Ireto ho tanisaina manaraka ireto ny rehetra voakasiky ny fikirakirana ny LC :

- Ny mpanome baiko – ny mpanafatra entana/ mpividy entana mangataka ny hanokafana ny LC ;
- Ny banky mpanoratra sy mpamoaka – ny banky manokatra ny taratasim-pifanakalozana trosa amin'ny anaran'ny mpividy;
- Ny banky manome ny toky sady manana adidy hampahafantatra an-tsoratra – io dia banky mampandre na manolo-tsaina ny mpivarotra ny amin'ireo fepetra takian'ny LC (amin'ny ankapobeny dia ny banky misokatra any amin'ny firenena misy ny mpivarotra) ;
- Ny banky mpifampiraharaha– io dia banky izay mividy ny taratasy fandoavam-bola tsikelikely amin'ny mpisitraka a;
- Ny banky mpanamafy ny fanomezan-toky – io dia banky manamafy ny fanekena ny LC, miantoka araka izany ny fandoavana ny vola raha toa ka voahaja tsara ireo fepetra takian'ny LC. Io banky io amin'ny ankapobeny dia misokatra any amin'ny firenena misy ny mpisitraka ny LC kanefa tsy voatery ho izay foana ny tranga ; ary
- Ny mpisitraka – olona/orinasa misitraka ny fandoavam-bola – raha ny tokony ho izy dia ny mpivarotra.

Ireo banky telo farany dia ao anatin'ny vondron'orinasam—bola iray ihany fa na izany aza dia tsy ho voatery ho izay no mitranga.

Ny LC dia, na izy « tsy azo iverenana », na izy « azo sy afaka lavina na hiverenana ».

Ny LC tsy azo iverenana – nahazo fanamafisana na ihany koa « tsy nahazo fanamafisana »

- a) Ny LC tsy azo iverenana nahazo fanamafisana : Amin'ity karazana LC ity, ny bankin'ny mpividy entana dia manao fanekena tsy afaka iverenana hanefa ny vola mifandrify amin'ireo taratasim-bola fandoa tsikelikely izay an'ny mpivarotra.

Rehefa manamarina ny fanekenany ny fanamafisanany ny trosa ny banky mpiara-miasa dia izy no miantso-roka ny andraikitra feno amin'ny fandoavana ny vola mifanandrify amin'ireo taratasy fandoavam-bola tsikelikely izay an'ny mpivarotra, **raha toa ka voahaja sy feno hatrany hatrany ireo fepetra takian'ny fifampitrosana.**

Ny trosa tsy azo iverenana nahazo fanamafisana no azo antoka indrindra satria ny mpivarotra /mpanondrana entana dia :

- mitana ny sora-panekena avy amin'ny banky roa nanaiky hanefa ny vola; ny banky mpanamafy dia nanampy ny sora-panekeny amin'ny efa nosoratan'ny banky mpanoratra mpamoaka ary izy no hanefa ny vola na misy aza ny tsy fahafahana na tsy finiavan'ny banky mpamoaka hamindra sy handefa ny vola ;
- Voaaro amin'ny risika ara-barotra ny amin'ny mety tsy hahavoaloha ny vola avy amin'ny mpividy, na inona na inona antony ;
- Voaaro amin'ny 'risika ara-politika' na ny risika mifandraika amin'ny famindrana vola vahiny any amin'ny firenena vahiny mandrara na mametra ny famindrana vola vahiny mandeha any amin'ny firenena mpanondrana entana ;
- raha ny tokony ho izy dia manana fatokiana fa haharay ny vola, vantany vao lasa ireo entana.

Ampidirin'ireo banky amin'ny faktiorany ny saran'ny asa nataony dia ny fikirakirana sy ny fanomezana toky ary fanamafisana ny taratasim-pifanakalozana trosa. Ireo sarany ireo dia niantso-rohan'ny banky mpanoratra mpamoaka izay mitaky indray koa izany fandanianana izany amin'ny mpanjifany.

Ny mpanondrana misitraka LC tsy azo iverenana nahazo fanamafisana dia tsy voatery hanao fifanaraham-piantohana trosa amin'ny fanondranana entana.

- b) LC tsy azo iverenana tsy nahazo fanamafisana : ny banky mpanoratra mpamoaka dia manaiky ary tsy afaka miverina amin'izaay fanapahan-kevitra izay hanefa ny volan'ireo taratasy fandoavam-bola tsikelikelin'ny mpivarotra, saingy ny banky mpiara-miasa dia tsy voatery miroso amin'ny fandoavana ny vola na ankoatr'izay hanome ny famatsiam-bola any amin'ny toearana misy ny mpivarotra.

Ny fandoavam-bola irery ihany no hany andraikitry ny mpanoratra mpamoaka (amin'ny ankapobeny dia ny bankin'ny mpividy). Vokatry'izay, ny fahazoan'antoka amin'ny LC tsy azo iverenana tsy nahazo fanamafisana

dia miankina voalohany amin'ny fahafaha-manaon'ny banky vahiny mpanoratra mpamoaka, faharoa amin'ny halehiben'ny risika mifandraika amin'ny tontolo politika sy mifandraika amin'ny famindrana mialoha vola vahiny, noho ny hoe risika amin'ny mety tsy handoavan'ny mpividy ny vola.

Ireo mpanondrana entana misitraka ny fandoavam-bola amin'ny alalan'ny LCs tsy nahazoana fanamafisana dia tokony hievitra ny hanao fifanaraham-piantohana trosa amin'ny fanondranana entana.

Amin'izay fotoana izay, ny risika voarakotry ny fiantohana dia ireo mifandraika amin'ny tsy fahafaha-manao na ny fahalemen'ny banky vahiny mpanoratra mpamoaka na ihany koa ny risika mifandraika amin'ny famindrana vola vahiny.

LC azo iverenana: tsy mahafa-po izy ity satria malalaka ny banky mpanoratra mpamoaka hanajanona sy hanafoana ny fanekena fitrosana na dia tsy nahazoana ny fankatoavan'izay hisitraka azy aza izany fandavana izany.

Ny LC azo iverenana dia heverina ho fomba handaminana ny fandoavam-bola fotsiny ihany fa tsy natao hanomezana toky sy hiantohana izany fandoavam-bola izany.

Na dia tsy voatery hiroso amin'izay lafiny izay aza ny banky mpanoratra mpamoaka dia andraikiny ihany no mampahafantatra ny mpisitrika ny fitrosana azo iverenana ny fanafoanana rehetra hirosoany. Araka izany dia tsara kokoa raha voafaritry mialoha ao amin'ny fifanarahana fitrosana ny andininy mahakasika ny fampandrenesana mialoha, koa amin'ny alalan'izany fifanarahana izany no hanana'ny banky adidy hampahafantatra ny mpanondrana entana ny fanafoanana rehetra nandraisany fanapahan-kevitra.

Fanamarihana : ireo karazana LCs rehetra dia tsy maintsy ahitana andininy manamarika ny maha azo iverenana na tsia azy. Raha toa ka tsy voasoratra izay dia raisina ho azo iverenana ilay fifampitrosana (aoka hitandrina tsara!). Raha niverenana amin'ny fanapahan-kevitra ilay LC, dia midika izany fa nisitraka fomba hafa fandoavam-bola ny mpanondrana entana. Tsy dia ampiasaina firy aloha io fomba io na dia mora sy manintona ny mpividy aza ny sarany, raha tsy hoe angaha tsy niseho ho sarotiny ny amin'ny fahafaha-manao sy ny fahazoan'antoky ny fifampitrosana ny mpividy.

### 6.3 IREO FITAKIAM-BOLA TONTOSAIN'NY BANKY

Ny mpanondrana entana iray izay mikaroka fomba fandoavam-bola tsy tena azo antoka fa amin'ny sarany ambany mitaha amin'ny saran'ny LC dia afaka mifampiraharaha amin'ny banky mba ho ny banky no hanatontosana ny fitakiam-bola.

Ireo asa fitakiam-bola tontosain'ny banky dia maka ny endriky ny fomba fanaovana fandoavam-bola ampiasana taratasim-pifanakalozana (antsoina ihany koa hoe fandoavam-bola tsikelikely ataon'ny banky) ary amin'ny alalan'io, izay voafaritry ao anatin'ny rafi-pihodinan'ny asan'ny banky no manomboka mitaky ny vola tokony efain'ny mpividy mpanafatra entana aminy.

Ny fandoavam-bola tsikelikely dia baiko an-tsoratra tsy arahana fepetra, nosoniavin'olona iray (ny mpivarotra amin'ny ankapobeny) ary alefa amin'ny anaran'ny mpividy entana vahiny, mandidy ny fanefana vola tentin'ilay fandoavam-bola tsikelikely rehefa aseho sy atolotra ilay taratasy (hita maso), na amin'ny fotoana ho avy voafaritry mazava (fe-potoana farany). Izy io dia taratasy mananosarotra satria manome zo ny mpanondrana entana hitory any amin'ny fitsarana raha toa tsy voaefa ny vola.

Mihevitry ny tenany ho iraka avy amin'ny mpanondrana entana fotsiny ny banky eto amin'ity tranga ity ary araka izany dia tsy miantoka ny fandoavana ny vola. Mandefa ny taratasy fandoavam-bola tsikelikely any amin'ny banky mpiara-miasa any amin'ny firenena mpanafatra entana izy (miaraka amin'ny antontan-taratasy rehetra takiana sy ilaina) miaraka amin'ny fangatahana manamarika fa nampiseho io taratasy fandoavam-bola tsikelikely io mba ho efaina na ho ekena ary ny vola raisina sy miditra amin'izany dia haverina harotsaka any amin'ny bankin'ny mpanondrana entana.

#### **Taratasy fifanakalozana trosa atakalo taratasy fandoavam-bola tsikelikely ho fitakiana vola :**

Ny maha samy hafa ny varotra atakalo taratasy fanakalozana trosa tsy azo iverenana sy ny varotra atakalo ireo taratasim-pandoavam-bola tsikelikely ho fitakiam-bola dia mipetraka indrindra eo amin'ny lentan'ny fiarovana ny mpanondrana entana izay sitrahany avy amin'ireo fomba ireo.

Na nohamafisina ny LC na tsia dia misy fanakana avy amin'ny banky handoa ny vola. Ho an'ny taratasy fandoavam-bola tsikelikely harotsaka kosa dia iraka mpitaky vola amin'ny anaran'ny mpivarotra fotsiny ihany ny banky koa tsy tompon'antoka sy tsy manana andraikitra ny amin'ny fahombiazan'ny fitakiam-bola.

### 6.4 KAONTY MISOKATRA

Lazaina fa tontosa tamin'ny alalan'ny kaonty misokatra ny varotra rehefa nalefan'ny mpanondrana entana mivantana any amin'ny mpanafatra entana izay mametra ny vidiny hifanarahana, ireo antontan-taratasy rehetra mahakasika ny fandefasan'entana. Izany fifanolorana izany dia tontosa noho ny fanelanelanana nataon'ny bankin'ny mpividy entana.

Tsy maintsy mahafantatra na manana vaovao mahakasika ny toe-bolan'ny mpividy ilay mpivarotra ary tsy tokony hanana ahiahy na kely aza ny amin'ny fandoavan'ny mpividy ny vola amin'ny fe-potoana nifanarahana.

Indraindray dia hifanarahan'ny roa tonta ny 'fandoavam-bola aseho hita maso'. Eto dia manana adidy ny mpividy hanome ny vidin'entana rehefa atolotra miaraka amin'ny fanamarinana manaporofa ny maha tompon'ireo entana namidy azy.

Ny varotra amin'ny alalan'ny kaonty misokatra ihany koa dia azo adika ho varotra manaja fepetra fifampitrosana nifanarahana eo amin'ny mpividy sy ny mpivarotra, izay tsy afahan'ny mpivarotra hanana porofa fa ny mpividy entana vahiny dia tsy maintsy manefa vola voafaritry ny tentiny amin'ny fotoana iray efa voafetra. Araka izany dia mety ho sarotra ny fitakiam-bola raha tsy mahomby ny mpividy. Noho izany, ny varotra hifampitrosana amin'ny alalan'ny kaonty misokatra dia tsy dia fampiasa firy amin'ny ankapobeny afatsy eo amin'ireo rantsana na sampana any ivelan'ny firenen'ny mpamatsy entana, na amin'ny mpividy izay efa manana fifandraisam-piarahamiasa matotra sy mandroso efa tao anatin'ny fotoana lava tamin'ny mpamatsy entana.

Tsy maintsy mihevitry ny fisian'ny vola vahiny natokana ho an'ny fanafarana entana any amin'ilay firenena ivantanan'ny entana mialohan'ny hanekena ny fepetran'ny kaonty misokatra ireo mpanondrana entana. Matetika maintsy dia ireo fanafarana entana nampiasana fandoavam-bola tsikelikely amin'antontan-taratasy no mahazo alalana mialoha amin'ny fanokanana sy fahazoana vola vahiny raha mitaha amin'ny fanafarana entana amin'ny alalan'ny kaonty misokatra.

#### **Amin'ity fomba fandoavam-bola iray ity dia tsara ny hananana fiantohana trosa amin'ny fanondranana entana.**

## FEHINY

Ny raki-kevitra fitaovana sy torolalana hiatrehana varotra ivelany iraisam-paritra dia tokony ho fanoitra handrisihana mpiantsehatra vaovao amin'ny fanondranana entana makany Afrika Atsimo sady maneho fihenambidy amin'reo saram-pandaniana ary manasongadina ny fidinan'ny tahan'ny risika mifandraika amin'ny famakiana sy fitrandrahana voalohany ny tsena.



## TAKELAKA TEKNIKA MOMBA NY TANTELY

Ny Repoblikan'i Afrika Atsimo dia manana ireo fepetra takiany hafahany manara-maso ny varotra tantely na vokatra avy amin'ny fangaron'ny tantely. Ny fitantanana io fanaraha-maso io dia tontosaina araka ny lalàna tamin'ny 1990 mahakasika ny fenitra tokony hajaina amin'ireo vokatra ara-pambolena (Lalàna Lah119 tamin'ny 1990), Fitsipika Lah. R.835 tamin'ny 25 Aogositra 2000. Ny fitsipika dia mihatra amin'ny fanakilasiana, amin'ny famonosana, amin'ny fametrahana mari-pamantarana ny tantely sy ireo vokatra avy amin'ny fangaron'ny tantely natokana ho amin'ny varotra ao amin'ny Repoblikan'i Afrika Atsimo. Ireo fepetra ara-pitsipika afikana tatsimo mahakasika ny tantely sy ny vokatra azo amin'ny fangaron'ny tantely dia novolavolaina mba hiarovana ireo ny mpanjifa, sady hiantohana fifaninanana madio eo amin'ireo mpamokatra, voakasik'izany ireo vokatra eo an-toerana sy ireo vokatra hafarana.

### FISOKAJIANA NY TANTELY SY IREO VOKATRA AZO AVY AMIN'NY FANGARON'NY TANTELY :

Notsinjaraina ho sokajy roa ny tantely dia :

- Sokajy mifanentana sy afa-miaraka
- Sokajy indostrialy

### IREO FENITRY NY FITSINJARANA NY TANTELY :

- Tokony ho matoy tsara ny tantely notazana tao amin'ny toho-tantely mba hahazoana toky amin'ny fahatomombanan'ny tahan'ny hamandoana ao aminy sy ny fizotran'ny asa fandrishana ao aminy ary tsy ahitana singa madinika hafa mifangaro aminy (sahala amin'ny fahalovana, bibikely na bibikely mpandrava, fasika, sns...).
- Tsy tokony hahatsapàna tsiro na fofona hafa ny tantely; tsy tokony ahitana fanombohana fiovàna ho lo na handroatra; ary tokony ho voakolokolo mba hahafahan'ireo fandrishika voajanahariny tsy ho potika na tsy afaka hanao ny asany.

### IREO FEPETRA TSY MAINTSY HAJAINA MAHAKASIKA FONONY SY NY FITOERANY :

Ny fitoeran-tantely na ny vokatra azo avy amin'ny fangaron'ny tantely dia tsy maintsy namboarina avy amin'ireto akora ireto izay :

- Mifandraika amin'izay hampiasana azy izay ;
- Miaro ny ao anatin'ny tsy tsy ho tratry ny otrik'aretina ;
- Tsy hamindra otrik'aretina amin'izay ao anatin'ny ;
- Mafy tsara ka tsy ho simba na hiova endrika mandritry ny fitahirizana azy, ny famolavolana sy ny famindrafindrana ary ny fitaterana azy ;
- Tsy mihontsina ; ary
- Mikatona tsara araka ny tokony ho izy mifanaraka sy mifanandrify ary eken'ny toetra ananany.

### IREO FEPETRA TSY MAINTSY HAJAINA MAHAKASIKA NY FAMETRAHANA MARI-PAMANTARANA AZY :

Araka ireo andininy voalaza amin'ity fitsipika ity, ireo fepetra tokony harahina mahakasika ny mari-pamantarana takiana dia tsy maintsy tazana amin'ny alalan'ny tarehin-tsoratra izay farafahakeliny mirefy 1 mm ny haavon'ny tarehin-tsoratra tazana eo amin'ny fonony na fitoeran'ny tantely sy ny vokatra azo amin'ny fangaron'ny tantely.

Ny fitoeran'ny tantely sy ny vokatra azo amin'ny fangaron'ny tantely dia tsy maintsy ahitana, ary tazana amin'ny fomba mazava sy afaka vakiana tsara, ireto teny manaraka ireto :

- Ny anaran'ny vokatra amin'ny alalan'ny tarehin-tsoratra farafahakeliny manana haavo 4 mm : Raha toa io soratra io ka tena ahitana taratra sy mahalaza ny karazan'ny tantely ao anatin'ny, sahala amin'ny hoe tantely madinty na bolongana tantely, ny loharanom-boninkazo na loharanon-javamaniry nahazoana azy, toy ny hoe tanamasoandro, ny soba,






ny mami-boninkazo, na ny fanazavana hafa rehetra mitovy amin'ireo toy ny filazana ny faritra na ny mari-tany niaviany amin'ny alalan'ny tarehin-tsoratra farafahakeliny 4 mm ny haavony, izay azo raisina ho fanampim-panazavana ;

- Ny anarana sy ny adiresin'ny toeram-piasan'ny mpamokatra azy, ny mpikirakira ny fonony, ny mpivarotra sy mpaninjara io vokatra io ;
- Ny firenena nihavian'ilay vokatra ao anatin'ny ;
- Ny sokajy misy ilay vokatra ao anatin'ny apetraka amin'ny alalan'ny tarehin-tsoratra farafahakeliny 2 mm ny hahavony ;
- Rehefa misy tantely voajanahary ny fangarony ao anatin'ny dia tokony misoratra hoe "voajanahary" na "tsy mbola voahodina" ary amin'ny alalan'ny tarehin-tsoratra farafahakeliny 2 mm ny haavony ;
- Rehefa ahitana tantely avy amin'ny fary amin'ny ampahany ny fangarony dia milaza ny tarehin-tsoratra hoe toy izao ny habetsaky ny tantely avy amin'ny fary mifangaro amin'izy ity ;
- Rehefa mitahiry taharo avy amin'ny vokatra ny tantely dia ampiseho ny habetsak'io taharo io ao anatin'ny ;

- Ny vanin'andro sy fotoana nametrahana ny fonony ;
- Ny fomba hanavahana ny antontam-bokatra sahala amin'ny hoe ny famantarana ny mpamokatra azy, izay nametraka ny fonony na ny fitoerany, ny mpaninjara azy ary ny anarana sy ny adiresin'ireo dia azo hanavahana sy manampy amin'ny hamantarana ny toerana izay nampitambara ny vokatra sy ny antontam-bokatra, raha toa ka afaka ampiasaina ny vanin'andro namonosana azy hamantarana izay fihavian'ny antontam-bokatra izay, raha ilaina ;
- Ny filazana mazava hoe "misandrahaka" na "mitaratra" amin'ny alalan'ny tarehin-tsoratra farafahakeliny manana haavo 3 mm eo anilan'ny anaran'ny vokatra, rehefa ahitana manontolo na amin'ny ampahany tantely nosedraina tamin'ny fitarafana ny ao anatin'ny, raha tsy hoe angaha hoe tsy noterena ny fametrahana ny famantarana taratra eo aminy ; ary
- Ny lanja afa-karatsaka araka ny lalàna mifehy ny fandrefesana ara-barotra tamin'ny 1973 (lalàna lah° 77 tamin'ny 1973) izay hampihariny ny Sampan-draharahan'ny fenitra afrikana tatsimo (SABS). Sud-Africain (SABS).



Ny Lanjany afa-karatsaka

Firenena nihavian'ny vokatra ao anatin'ny

Anaran'ny vokatra

Sokajy

Anarana sy adiresin'ny toeram-piasan'ny mpamokatra

Ny teny hoe misandrahaka/mitaratra (tantely nafarana)

Vanin'andro namonosana (afaka ampiasaina hanavahana ny antontam-bokatra)

Ny Laharam-pamantarana ny antontam-bokatra

### Fitoeran'ny tantely misy famantarana mazava araka ny fitsipika

Sary 1 Loharano: <http://www.daff.gov.za/daffweb3/Branches/Agricultural-Production->

# TAKELAKA TEKNIKA MOMBA NY VOKATRA AVY AMIN'NY HENA VOAHODINA

Araka ireo andininy amin'ny lalàna mifehy ny aretina mpiseho amin'ny biby (lalàna lah° 35 tamin'ny 1984) miampy ny lalàna mahakasika ny fifehezana ireo hena (lalàna lah° 40 tamin'ny taona 2000), ny olona rehetra manana ny zom-pirenena afrikana tatsimo dia manana fahafahana malalaka hanafatra makany Afrika Atsimo ny hena sy ireo vokatra voahodina avy amin'ny hena heverina ho tsy misy ahiana sy manaraka ny fenitry ny kalitao.

Ny fanafaran'entana dia manaja lalandava ireo fepetra hentitra takiana amin'ny fanafarana izay voatanisa ao anatin'ny fahazoan-dàlana hitrandraka sy hikirakira fanafarana entana amam-bokatra momba ny biby sy ny vokatra voahodina avy amin'ny biby.

## Inona avy ireo vokatra momba ny biby?

Ireo vokatra biby na vokatra voahodina avy amin'ny biby dia namboarina sy nomanina avy amin'ireo akora amin'ny biby na vokatra mitahiry izany akora izany. Ohatra fotsiny ny ronono, ny fromazy, ny hena, ny hena nohamainina, ny hoditra, ny hoditra voloina, ny vokatra avy amin'ny haza, ireo sakafo-m-biby mitahiry akoram-biby, ireo vaksiny sy fanafody namboarina avy amin'ny akoram-biby ary ireo santionan-biby fampiasa amin'ny laboratoara.

## Ireo fepetra takiana amin'ny fanafarana

Rehefa manana faniriana hanafatra biby sy/na vokatra efa voahodina avy amin'ny biby hiditra ao amin'ny firenena dia tsy maintsy mahafeno sy manaja ireo fepetra takiana amin'izany fanafarana izany. Ireo fepetra takiana ireo dia novolavolaina mba hiarovana ny fidiran'ny aretina vaovao avy any ivelany (vahiny) ao Afrika Atsimo. Izany fanapahan-kevitra izany dia natao mba hiarovana ny mpiara-monina, biby sy (ny olombelona) any an-toerana ary ihany koa hiarovana ireo tsenan'ny fanondranana. Ho an'ny vokatra sasany dia hananan'ny fahefampanjakana fepetra tsy maintsy hajaina sy harahina manokana ny amin'ny fanafarana entana. Ohatra ny fanaraha-maso ny hena dia sahanin'ny Fitaleavan'ny sampan-draharaha mikarakara ny fahasalaman'ny biby, izay mihevitra sy mandrindra ireo dingana tokony harahina amin'ny famonoana biby eo an-toerana sy

ireo toeram-pamonoana biby any amin'ireo firenena mpanondrana.

## Ireo fitsipika mifehy ny fanafarana

Ny tsirairay amin'ireo antontam-biby sy/na antontam-bokatra voahodina avy amin'ny biby hafarana mankany Afrika Atsimo dia tokony hiaraka amin'ireto zavatra tanisaina manaraka ireto :



- Ny modely fototry ny fahazoan-dalana hanafatra biby ara-pahasalamana navoakan'ny Fitaleavana nasionaly ny sampan-draharaha misahana ny fahasalaman'ny biby ; sy
- Ny modely fototry fanamarinana ara-pahasalamana nofenoina tsara amin'ny teny anglisy ary mifanaraka amin'ireo lafin-javatra takian'ny fanomezan-dalana hanafatra, voasonian'ny mpitsabo biby (amin'ny penina manga) izay manana ny fahefana mifanandrify amin'izany any amin'ny firenena mpanondrana.

**Mariho tsara fa** ny dika mitovy, ny dika nampandalovina taratasy karbona na dika mitovy azo tamin'ny fomba hafa dia tsy hanan-kery ary tsy ho azo raisina.

Andraiketry ny mpanafatra entana ny tsy maintsy hanajana ireo fepetra rehetra takian'ny fahazoan-dàlana hanafatra biby azo antoka ara-pahasalamana.

## Ahoana no fomba fangatahana fahazoan-dàlana hanafatra biby azo antoka ara-pahasalamana?

- Tsy maintsy mameno ny taratasy fangatahana;
- Angataho eny amin'ny birao misahana ny fahasalaman'ny biby any amin'ny firenena misy anao, eny amin'ny toeram-pidirana nahazo alalana any Afrika Atsimo na eny amin'ny Fitaleavana nasionaly ny sampan-draharaha misahana ny fahasalaman'ny biby ao Pretoria ny taratasy mifanandrify sy sahaza fanaovana ny fangatahana, na koa mandefasa mailaka amin'ny VetPermits@daff.gov.za na miantsoa ny laharana (012) 319 7514 ;
- Misy vola tsy maintsy efaina isaky ny fahazoan-dalana ho an'ny fandefasana isanisany ;



- Ny fangatahana efa nofenoina araka ny tokony ho izy dia afaka alefa fax amin'ny laharana (012) 329 8292 na 319 7492 na alefa paositra any amin'ny Sampan'ny Fitaleavana misahana ny fanaraha-maso ireo fanafarana sy fanondranana entana, Private Bag XI38, Pretoria, 0001 ; ary
- Ny fangatahana dia tsy maintsy apetraka ao amin'ny birao any Pretoria farafahakeliny 4 hatramin'ny 6 herinandro mialohan'ny fanafarana tiana hatao.

## FANAFARANA VOKATRA AVY AMIN'NY BIBY AMPIASAINA HO AMIN'NY FILANA MANOKANA

### Fanafarana vokatra avy amin'ny biby fiompy

#### Ireo vokatra voajanahary

- Tsy azo atao ny manafatra henakisoa manta sy/na henan-dambo ho amin'ny filana manokana ;
- Farafahabetsany dia hena 25 kg (hen'omby, hena avy amin'ny haza, henan'ondry, henan'osy na henan'akoho amam-borona) – ary tsy ao anatin'izany ny hena kisoa sy ny henan-dambo – ary farafahabetsany hena natapy (maina) 10 kg isan'olona ihany no azo hafarana tsy ilàna fahazoan-dalana afrikana tatsimo manafatra biby ara-pahasalamana (VIP) na fanamarinana ny fahasalaman'ny biby (VHC) mahakasika ny aretina fièvre aphteuse (FMD)- mahakasika ny faritra nofendrahana eny amin'ny faritra fitobian'ny vokatra haondrana any amin'ny firenena mpanondrana ;
- 25 kg hatramin'ny 250 kg no lanjan-kena isaky ny mpanafatra. Ny VIP afrikana tatsimo sy ny VHC an'ny firenena mpanondrana dia ilain a; ary
- 10 kg ka hatramin'ny 100 kg amin'ny hena natapy (maina) isaky ny mpihaza. Ilaina ny VIP afrikana tatsimo sy ny VHC n'ny firenena mpanondrana.

Ny fandefasana mihoatra ireo fatra ireo isaky ny mpanafatra dia tsy azo heverina ho toy ny filana ho amin'ny fanjifana manokana. Tokony hangataka fahazoan-danana fanafarana biby ara-pahasalamana ara-barotra ny mpanafatra ary hanaja sy hanaraka ireo fepetra takiana amin'izany.

### Ireo fepetra ankapobeny

Tsy azo amidy na ampiasaina amin'ny fomba hafa ivelan'ny fampiasana/fanjifana manokana ireo vokatra avy amin'ny biby ireo. Ireto vokatra ho tanisaina manaraka ireo dia afaka hafarana amin'ny habetsahany na ny hadiriny voafetra hampiasaina amin'ny filana manokana ka tsy hilàna fahazoan-dalana amin'ny fanafarana biby ara-pahasalamana na fanamarinana ara-pahasalaman'ny biby :

- Kidoro sy karipetra vita sy namboarina amin'ny hoditra biby voahodina tanteraka.
- Hoditra efa voakirakira sy voahodina tanteraka (kiraro, kitapo na poketra nohavaozina, karavasy vita amin'ny hoditra ary zavatra hafa vita amin'ny hoditra) sy vokatra ny haza voahodina tanteraka.
- Lamba mafana/ondana (vokatra voahodina tanteraka ahitana akora volom-borona /rambom-biby).
- Atodina aotrisy – poak'aty, tokam-bolo na miloko.
- Sakafo voahodina ho an'ny biby an-trano (latsaky ny 25 kg ihany).

### Ireo hena voahodina hafa (am-bifotsy, nomasahana, novontosana sira, voatoto, sns.)



Afaka hafarana amin'ny lanja tsy mihoatra ny 25 kg isan'olona ny fitambarany ary tsy ilàna VIP afrikana tatsimo sy VHC avy any amin'ny firenena nihaviany. Raha tsy voahaja ny fetran' ny lanja 25 kg dia tsy maintsy ilaina sy takiana ireo VIP afrikana tatsimo sy VHC avy amin'ny firenena mpanondrana.

### Ireo vokatra avy amin'ny ronono

10 kg na 10 litatra isan'olona ny vokatra avy amin'ny ronono azo hafarana tsy ilàna VIP afrikana tatsimo sy VHC avy amin'ny firenena mpanondrana.

### Ireo atody

2,5 dozenina atody akoho amam-borona na atodina aotrisy 4 isan'olona no azo hafarana tsy ilàna VIP afrikana tatsimo sy VHC avy amin'ny firenena mpanondrana.



# TAKELAKA TEKNIKA MOMBA NY ZAVAMANIRY SY IREO VOKATRA AVY AMIN'NY FAMBOLENA :

## Mialoha ny hanafarany entana makany Afrika Atsimo, ny mpanafatra entana dia tsy maintsy :

1. Mikaroka vaovao mahakasika ireo fepetra takiana momba ny toe-pahasalaman'ny zavamaniry hafarana izay ampiarina amin'ireo entana hafarana amin'ny alalan'ny fahafantarana ny lalàna mifehy ireo mpanelingelina ny voly, 1983 (Lalàna Lah.36 tamin'ny 1983) na manontany any amin'ny fikambanana nasionaly miaro ny zavamaniry ao Afrika Atsimo (NPPOZA) eo anivon'ny DALRRD.
2. Mangataka fahazoan-dalana hanafatra entana amin'ny DALRRD raha toa ka ilàna izany ny fanafarana araka ny lalàna voatanisa etsy ambony. Raha toa ka tsy ilàna fahazoan-dalana manafatra ilay vokatra hafarana dia tokony hiantohana ny fahatomombanana araka ny fepetran'ny fahasalaman'ny entana alefa amin'ny alalan'io tsy fisian'ny fahazoan-dalana io.
3. Mandritry ny fanaovana ny fangatahana fahazoan-dalana manafatra: Mametraka ny taratasy nofenoina miaraka amin'ny porofo nandoavana ny sarany. Ny angom-baovao mahakasika ireo saram-pikirakirana sy famoahana ny fahazoan-dalana miampy ny taratasy ho fenoina amin'ny fangatahana ireo dia mety ho hita ao amin'ny tranokalan'ny sampan-draharaha <https://www.dalrrd.gov.za/Branches/Agricultural-Production-Health-Food-Safety/Plant-Health/Import-into-SA>.
4. Mandefa dika mitovy amin'ny fahazoan-dalana hanafatra any amin'ny mpanondrana/mpamatsy entana any amin'ny firenena mpanafatra mba hahazoana antoka sy hiantohana fa ny famoahana ny entana avy any dia manaja ny fepetra ara-pahasalamana takiana amin'ny fanafarana entana makany afrika Atsimo.
5. Miezaka ny hahazo antoka fa hasehon'ny mpamatsy entana/mpanondrana entana any amin'ny fikambanana nasionaly miaro ny zavamaniry (ONPV) izay any amin'ny firenena mpanondrana ny entana mba handalo fitsirihana sy fizahàna ara-pahasalamana ary hahazoana fanamarinana raha ilaina, araka ny fepetra ao anatin'ny fahazoan-dalana na ny tsy filàna ny fahazoan-dalana.
6. Mampahafantatra ireo mpanondrana na mpamatsy entana mba handefa ny modely fototra amin'ny fanamarinana ara-pahasalamana ampiarahana amin'ny entana alefa any Afrika Atsimo (raha takiana ny fanamarinana ara-pahasalamana).

## Dingana arahina sy ho tanterahana eo ampahatongavan'ny entana nafarana eny amin'ny seranan-tsambo fidirana any Afrika Atsimo :

1. Raisin'ny South African Revenue Services (SARS) ireo entana mba hanaovana fitsirihana sy fanadihadiana.
2. Mpanadihady iray na roa avy amin'ny DALRRD n'ny NPPOZA no mandray an-tanana ny fitsirihana ireo antontan'entana sy ny antontan-taratasy miaraka aminy.
3. Ny fanadihadiana sy fitsirihana ireo entana nafarana dia mety hitarika amin'ny fitrangan-javatra toy izao manaraka izao :
  - a) Raha manaja ireo fepetra takiana amin'ny fanafaran'entana ireo antontan'entana natao fitsirihana dia avotsotr'ireo mpanao fanadihadiana avy amin'ny DALRRD.
  - b) Raha tsy manaja ireo fepetra takiana amin'ny fanafaran'entana kosa ireo antontan'entana natao fitsirihana dia, mandray fanapaha-kevitra hisorohana izay mety ho risika aterak'izany ireo mpanadihady, koa araka izany dia mety ho karakaraina sy avoaka ny entana, mety haverina any amin'ny firenena nihaviany na mety ho potehina. Raha vantany vao avoakan'ny mpanadihady avy ao amin'ny DALRRD ny entana, dia tokony mandefa ireo antonta-taratsin'ny fanafarana ao amin'ny SARS ny mpanafatra na ny iraka avy aminy mba hamotsorana sy hamoahana tanteraka ny entana.

## Adiresy postaly :

National Plant Protection Organisation of South Africa (NPPOZA) Department of Agriculture, Land Reform and Rural Development (DALRRD) Directorate: Plant Health Import Permit Office Private Bag XI4 Gezina 0031

## Laharana an-taroby :

Tel: +27 (0) 12 319 6383  
Fax: +27 (0) 12 319 6370  
E-mail: [planthealthpermits@dalrrd.gov.za](mailto:planthealthpermits@dalrrd.gov.za)

## Adiresy toeram-piasana :

542 or 543 Harvest House  
30 Hamilton Street, Arcadia  
Pretoria

# LISTR'IREO VOKATRA AVY AMIN'NY ZAVAMANIRY SY IREO FIRENENA MAHAZO ALALANA : MARTSA 2020

Ankehitriny dia misy ireo fepetra ara-pahasalamana amin'ny fanafarana entana mba hahafahana mamoka fahazoan-dalana hanomezana alalana amin'ny fanafarana entana vao notazana (voankazo sy legioma) araka ny hita amin'ny fafana 1 avy any amin'ireo firenena hita mifanandrify aminy eo anilany eo ary ny legioma vao notazana amin'ny fafana 2 avy any amin'ireo firenena afrikana rehetra.

Ny fanafarana entana avy any amin'ireo firenena hitantsika miloko manga dia mbola mihantona amin'izao fotoana (tsy mbola mamoka fahazoan-dalana) ary voakasik'izany ireo vokatra vao notazana mifanila aminy eo amin'ny fafana.

## FAFANA 1: LISTRY NY VOKATRA VAO NOTAZANA SY IREO FIRENENA MAHAZO ALALANA

Anarana siantifika	Anarana iombonana	Firenena
Actinidia spp.	Kiwi	France Grèce Israël Italie Mozambique Nouvelle-Zélande Zambie Zimbabwe
Ananas spp.	Mananasy	Ghana Mozambique Ouganda
Capsicum spp.	Sakay	Eswatini Israël Mozambique Namibie Pays-Bas Zimbabwe
Carica spp.	Papay/ Papay	Eswatini Mozambique Zimbabwe
Citrullus spp.	Voajabo	Eswatini Namibie Espagne

Anarana siantifika	Anarana iombonana	Firenena
Citrus spp.	Voasarimamy Voasary makirana Voasarihangiby Voasary makirana maitso	Botswana Egypte Eswatini Maroc Namibie Espagne Turquie Zimbabwe
Musa spp.	Akondro maitso Plantain	Angola Cameroun Equateur Eswatini Ghana Côte d'Ivoire Kenya Mozambique Ouganda Zambie Zimbabwe
Passiflora spp.	Apongabendanitra Garanadrelina	Eswatini Zimbabwe
Persea spp.	Zavokà	Chilie Eswatini Israël Kenya Mozambique Espagne Zimbabwe
Physalis spp.	Voanany	Zimbabwe
Prunus avium	Serizy	Bulgarie Turquie
Prunus spp.	Amanda Abricot Nectarine Paiso Paiso mena (Ankoatry ny serizy)	Bulgarie Californie

Anarana siantifika	Anarana iombonana	Firenena
	Amanda Abricot Serizy Nectarine Paiso Paiso mena	Israël Maroc Espagne Royaume-Uni
Punica spp.	Apongaben-danitra	Israël
Pyrus spp.	Poara	Corée Chine
Rubus spp.	Voaroihazo Voaroihazon'i Boysen Ronce Voaroihazon'i Ronce Voarointsaka Voaroy maitso	Zimbabwe
Solanum melongena	Baranjely/ Baranjely	Eswatini Namibie
Vaccinium spp.	Mirtila Goavitsinahy	Zimbabwe Pologne Nouvelle-Zélande
Vitis spp.	Voaloboka	Israël Egypte Californie Espagne Namibie Zambie

## FAFANA 2 : LISTR'IREO LEGIOMA VAO NOTAZANA AVY AMIN'IREO FIRENENA AFRIKANA REHETRA (EFA VOAFONO MIALOHA)

Anarana siantifika	Anarana iombonana
Abelmoschus spp.	Bébé Gombo
Beta spp.	Beteravy mena
Capsicum spp.	Sakay/Dipoavatra
Cyamopsis spp.	Tsaramason'i Guar
Cynara spp.	Artisao
Daucus spp.	Karôty
Dolichos spp.	Tsaramaso/Papri
Eruca spp.	Roquette/Rocket
Foeniculum spp.	Fenouil
Phaseolus spp.	Tsaramaso
Pisum spp.	Pitipoa, Tsaramaso fihinana aman-kodiny
Raphanus spp.	Radia
Spinacia spp.	Salady vahiny
Vigna spp.	Churia
Zea says	Katsaka/ Katsaka

### Tsara ho marihina fa :

- Misy ireo fepetra ara-pahasalamana amin'ny fanafarana entana izay afahan'ny DALRRD mamoka fahazoan-dalana hampanjariana ny fanafarana voankazo sy legioma vao notazana sasantsasany avy any Lesotho sy Eswatini.
- Misy ireo fepetra ara-pahasalamana amin'ny fanafarana entana izay afahan'ny DALRRD mamoka fahazoan-dalana hampanjariana ny fanafarana Allium spp., Brassica spp. et Asparagus spp. na avy aiza na avy aiza no fihaviany.

## TAKELAKA TEKNIKA MOMBA NY TSARAMASO MAINA

Tsy misy olona afaka mivarotra tsaramaso maina any Afrika Atsimo raha tsy toy izao tanisaina manaraka izao ny toetry ny tsaramaso amidiny :

- Amidy araka ireo sokajy misy azy izay nahazoana toromarika mazava nomena sy tokony hajaina ;
- Mifandraika amin'ny fenitr'ireo sokajy misy azy araka ireo toromarika nomena mifanandrify amin'izany ;
- Voafono anaty fitoerany araka ny toromarika mazava nomena mifanandrify amin'izany ;
- Misy famantarana azo vakiana mifanaraka amin'ny toromarika izay napetraka ; ary
- Tsy ahitana akora hafa izay tsy tokony ho hita miaraka aminy.

Ny fandefasana tsaramaso maina nalamina araka ireto sokajy tanisaina manaraka ireto: sokajy am-bifotsy, sokajy 1, sokajy 2 sokajy 3 ary sokajy 4 dia tsy maintsy :

- Tafiditra anaty vondrona iray manana halehibe manokana ;
- Anaty vondrona iray manana loko manokana ;
- Anaty vondrona iray manana endrika manokana ;
- Tsy misy fofona fahalovana mihitsy na fofona hafa tsy azo ekena ;
- Tsy ahitana zavatra mety hampidi-doza ;
- Tsy ahitana fangaro mety hitarika amin'ny tsy fahazoan'ny olona mampiasa azy ho aafaka atao sakafo, na hitarika amin'ny tsy fahazoana manodina azy ho lasa sakafo ara-pahasalamana na ho lasa sakafo ho an'ireo biby salama ;
- Tsy ahitana fandrava mpanimba ireo voamadinika;
- Tsy ahitana bibikely samihafa ;
- Tsy ahitana ireo zavamananaina hiantraika amin'ny fahasalamana; ary
- Tsy manana hamandoana ambonin'ny 14 %.

1	2	3	4	5	6	7	8
NATURE DE L'ÉCART	Mesure maximale dans laquelle des écarts peuvent se produire dans les haricots secs destinés à être classés en tant que						
	Catégorie des conserves	Catégorie 1	Catégorie 2	Catégorie 3	Catégorie 4	Haricots fendus	Sous catégorie
1. Matières étrangères (Règle 22)	0,1%	0,25%	0,7%	1,5%	2,0%		*
2. Pierres et sable (Reg 22)	None	None	0,2%	0,6%	0,8%		*
3. Total des matières étrangères, des pierres et du sable : A condition que ces écarts se situent dans les limites spécifiées.	0,1%	0,25%	0,7%	1,5%	2,0%		*
4. Haricots secs défectueux (Reg 23)	1,5%	3,0%	10,0%	20,0%	25,0%		*
5. Haricots secs brisés ou fendus (Reg 23)	1,0%	5,0%	7,0%	10,0%	15,0%		*
6. Le total des haricots secs défectueux, cassés ou fendus et, dans le cas du classement pour la mise en conserve, les matières étrangères, les pierres et le sable : A condition que ces écarts se situent dans les limites spécifiées.	2,0%	5,0%	15,0%	25,0%	25,0%		*

Sary 2 Loharano: <https://www.dalrrd.gov.za/daaDev/asideMenu/foodSafety/doc/localImportRegulations/Dry%20Beans%20Regulations.pdf>



# IREO FANONTANIANA METY HIPETRAKA MATETIKA (FAQ)

## 1. Ahoana no hisorohana ny fahatarana rehefa mandefa entana any Afrika Atsimo?

Zava-dehibe ny fahafantarana sy fahazoana ireo zotra sy dingana tokony harahina ho an'ireo vokatra miavaka, izay mety hilàna na tsia fahazoan-dalana ary ihany koa ny fahafantarana ny fe-potoana ilaina hikirakirana ireo antontan-taratasy mifanaraka amin'izay takiana.

## 2. Mety ho azon'ny TradeHub n'ny USAID atao ve ny mikaroka lalam-barotra sy mahita mpividy vokatra na mpivarotra mpamokatra izay ilàna fiaraha-miasa?

Ny TradeHub n'ny USAID dia miara-miasa amin'ireo mpivarotra sy mpividy entana. Raha mila fanazavana misimisy kokoa dia manatona ny solontenan'ny USAID TradeHub ao amin'ny firenena misy anao.

## 3. Ahoana no fomba hamerana ny vidin'ny entana?

Tsy maintsy fakafakaina ireo saran'ny famokarana, ny saran'ny fandaniana amin'ny mpiasa ary ny saran'ny fitaterana. Azonao atao ihany koa ny mikaroka vokatra mitovy amin'ny entanao amin'ireny tsena afrikana tatsimo amin'ny tambazotran-tserasera sy ny tranokalam-pifandraisana ireny mba hahafahanao mandrefy ny fahafahanao miatrika ny fifaninanana.

## 4. Ahoana no hahafantarana misimisy kokoa mahakasika ireo dingana arahana amin'ny fanondranana entana?

Ny raki-kevitra fitaovana sy torolalana momba ny varotra ivelany isam-paritra dia mampiseho mazava ireo dingana lalovana sy ireo karazana antontan-taratasy ilaina sy takiana ho an'ny fandraharahana amin'ny fanondranana entana.

## 5. Ahoana no fomba hisafidianana ny Incoterm® amin'ny fifanarahana ara-barotra?

Ahitana fitaovana Incoterm® tena ilaina ity raki-kevitra fitaovana sy torolalana ity izay hahafahanao mifantina ny Incoterm® sy mandray fanapahan-kevitra mifandraika amin'ireo andraikitra izay hanananao fahavononana ny hanaiky azy.

## 6. Ahoana no fomba hahafahako mamaritra ny saram-pitateran'ny entana halefako?

Afaka manatona sy midinika amin'ireo mpiasan'ny fadin-tseranana mpamoaka entana sy ireo mpandraharaha amin'ny fampitana entana ianao

ary izy ireo no afaka manome anao tombam-bidy amin'ny famatrarana sy fitaterana entana, amin'ny fitaterana an'habakabaka ary koa ny tomban'ny haba hamoahana ny entana.

## 7. Afaka miasa irery ve ny tenako amin'ny famoahana ny entako amin'ny fadin-tseranana?

Tsy dia amporisihana loatra ny firosoana hanatontosa samirery ny famoahana entana satria mety hisy lafin-javatra manan-danja tsy ho voafehinao na ho hadinoinao mahakasika ireo antontan-taratasy maro ilaina amin'ny famoahana entana amin'ny fadin-tseranana. Izany dia mety hiteraka fahatarana hitarika amin'ny fanefana ireo sazy ara-bola na lamandy. Ny mpiasan'ny fadin-tseranana sy ny mpandraharaha amin'ny fampitan'entana dia manana iraka manokana eny amin'ny sisin-tany mba hanampy anao raha misedra olana mitranga mahakasika ny antontan-taratasy eny aminao ianao.

## 8. Iza no tompon'andraikitra ny fahazoan-dalana hanafatra entana?

Adidin'ny mpividy no miantoka na manome antoka fa voakarakara sy vonona avokoa ireo fahazoan-dalana mialohan'ny hisian'ny fandefasana ny entana. Raha mitranga ny tsy fahafahana mampiseho ny fahazoan-dalana eo amin'ny toerana hitakiana an'izany dia mety ho potehin'ireo manam-pahefana mahefa ireo entana ireo.

## 9. Inona avy ireo haba ampiharina amin'ny fanondranana entana makany Afrika Atsimo?

Ho an'ireo fandefasana entana eo amin'ny faritra SADC, dia tsy mihatra ny haban-tseranana raha toa ka mampiseho ny fanamarinana ny fihavian'ny entana. Ny TVA dia mihatra amin'ireo entana rehetra izay alefa ary amin'ny tranga sasantsasany dia mety hampiharina ireo hetra amin'ny fanafaran'entana. Misy fanampim-panazavana maro kokoa ao anatin'ny lisitry ny fepetra tsy maintsy arahina mahakasika ireo entana.

## 10. Inona avy ireo fahazoan-dalana tsy maintsy ilaina ho an'ny fanondranana entana makany Afrika Atsimo?

Azo fantarina ao anatin'ny lisitr'ireo fepetra tsy maintsy hajaina sy tanterahana momba ireo vokatra ny karazana fahazoan-dalana takiana ary ao anatin'ireo takelaka teknika no afahana mahafantatra ny fomba ifandraisana amin'ireo antonkon-draharaha sasantsasany voakasik'izany.



# TOVANA A : IREO INCOTERMS®

Taona	Fanafoh-ezan-teny	Incoterm	Fomba fitaterana	Fomba hilazana azy	Toerana hanaterana ny entana	Sarany	Antontan-taratasy	Risika
2010	EXW	Ex Works	Izy rehetra	EXW (apetraka ny toerana hanaterana ny entana) Incoterms® 2010	Any amin'izay misy ny mpivarotra – Toerana voatondro, fotoana nifanarahana, tsy afatratra.	Ny mpivarotra no tompon'antoka amin'ny fandania rehetra hatramin'ny fotoana handraisan'ny mpividy ny entana any amin'ny toerana misy ny mpivarotra. Ny mpivarotra dia tsy maintsy mandray an-tanana ny fandoavam-bola amin'izay fandania rehetra amin'ny asa fanaraha-maso (toy ny fanaraha-maso ny entana sy ny famonosana ny entana sahaza ny fitaterana hirosoana. Ny mpividy no tompon'antoka amin'ny fandania mahakasika ireo saran'ny famatrarana ny entana amin'ny kamiao sy ny fitaterana azy, ny fiantohana, ary ireo fandania hafa momba ny fitaterana hatramin'ny fanaterana farany	Ny mpivarotra no mikarakara sy mampiseho ny fahazoan-dalana manondrana (ny fanamarinana ny fihavian'ny entana, ny fanamarinana ara-pahasalamana) faktiora ara-barotra, lisitry ny fonosan'entana.	Eo amin'ny toerana hanaterana ny entana no mifindra ny risika amin'ny fotoana nifanomezana sy nifanarahana. Manomboka eo dia mila fiantohana ny entana ny mpividy.
2010	FCA	Tsy miantoka fitaterana	Izy rehetra	FCA (apetraka ny toerana hanaterana ny entana) Incoterms® 2010	Aterina eny amin'ny mpitatitra ny entana na any amin'ny olona notondroin'ny mpividy any amin'ny toerana nifanarahana, amin'ny fotoana nifanarahana ary afatratra amin'ny fitaovam-pitaterana (raha nomarihina izay).	Ny mpivarotra no tompon'antoka amin'ny fandania rehetra hatrany amin'ny toerana fanaterana ny entana. Ny mpivarotra dia tsy maintsy mandray an-tanana ny fandoavam-bola amin'izay fandania rehetra amin'ny asa fanaraha-maso sy ny famonosana ny entana hafahana manatanteraka ny fanaterana ny entana. Raha ilaina dia ny mpivarotra no miandraikitra ny famoahana ny entana eny amin'ny fadin-tseranana amin'ny fanondranana.	Ny mpivarotra no mikarakara sy mampiseho ny fahazoan-dalana manondrana (ny fanamarinana ny fihavian'ny entana, ny fanamarinana ara-pahasalamana) faktiora ara-barotra, lisitry ny fonosan'entana, ny famoahana ny entana eny amin'ny fadin-tseranana amin'ny fanondranana (raha ilaina).	Eo amin'ny toerana hanaterana ny entana no mifindra ny risika amin'ny fotoana nifanomezana sy nifanarahana. Manao fifanaraham-piantohana ny mpivarotra hatrao amin'ny fanaterana ny entana. Manomboka eo di any mpividy no mila fiantohana.
2010	CPT	Fitaterana andovam-bola amin'i	Izy rehetra	CPT (apetraka ny toerana voatondro hanaterana ny entana) Incoterms® 2010	Aterina eny amin'ny mpitatitra ny entana na any amin'ny olona notondroin'ny mpividy any amin'ny toerana nifanarahana ao anatin'ny fe-potoana nifanarahana.	Ny mpivarotra no tompon'antoka amin'ny fandania rehetra hatrany amin'ny toerana fanaterana ny entana. Ny mpivarotra dia tsy maintsy mandray an-tanana ny fandoavam-bola amin'izay fandania rehetra amin'ny asa fanaraha-maso sy ny famonosana ny entana hafahana manatanteraka ny fanaterana ny entana. Raha ilaina dia ny mpivarotra no miandraikitra ny famoahana ny entana eny amin'ny fadin-tseranana amin'ny fanondranana, saingy tsy andraikiny ny famoahana ny entana amin'ny fadin-tseranana amin'ny fanafarana. Ny mpivarotra no manatontosa ny fifanaraham-pitaterana.	Ny mpivarotra no mikarakara sy mampiseho ny fahazoan-dalana manondrana (ny fanamarinana ny fihavian'ny entana, ny fanamarinana ara-pahasalamana) faktiora ara-barotra, lisitry ny fonosan'entana, ny famoahana ny entana eny amin'ny fadin-tseranana amin'ny fanondranana (raha ilaina).	Eo amin'ny toerana hanaterana ny entana no mifindra ny risika amin'ny fotoana nifanomezana sy nifanarahana na eo amin'ny toerana hamindrana ny entana amin'ny mpitatitra voalohany. Mangataka fiantohana ny mpivarotra hatreo amin'ny fanaterana. Manomboka eo dia mangataka fiantohana ny mpividy. Afaka manampy ny mpividy ny mpivarotra amin'ny fanomezana azy vaovao mahakasika ny fomba ahazoana fiantohana.

# TOVANA A : IREO INCOTERMS® (TOHINY)

Taona	Fanafoh-ezan-teny	Incoterm	Fomba fitaterana	Fomba hilazana azy	Toerana hanaterana ny entana	Sarany	Antontan-taratasy	Risika
2010	CIP	Fitaterana sy fiantohana andoavam-bola any amin'ny	Izy rehetra	CPT (apetraka ny toerana voatondro hanaterana ny entana) Incoterms® 2010	“Ny mpivarotra no manatitra ireo entana any amin'ny mpitatitra na any amin'ny olona notondroin'ny mpivarotra any amin'ny toerana nifanarahana (raha nifanarahan'ny roa tonta io toerana io), manantontosa ny fifanaraham-pitaterana sy miantoka ny fandania amin'izany izay sahaza afahana manatitra ireo entana any amin'ny toerana voatondro hivantany”.	Ny mpivarotra no tompon'antoka amin'ny fandania rehetra hatrany amin'ny toerana hanaterana ny entana. Ny mpivarotra dia tsy maintsy mandray an-tanana ny fandoavam-bola amin'izay fandania rehetra amin'ny asa fanaraha-maso sy ny famonosana ny entana hafahana manatanteraka ny fanaterana ny entana. Raha ilaina dia ny mpivarotra no miandraikitra ny famoahana ny entana eny amin'ny fadin-tseranana amin'ny fanondranana, saingy tsy andraikiny ny famoahana ny entana amin'ny fadin-tseranana amin'ny fanafarana. Ny mpivarotra no manantontosa ny fifanaraham-pitaterana. Ny mpivarotra ihany koa no manao ny fifanaraham-piantohana amin'ny risiky ny mpividy ny amin'ny mety ho fahaverezana na fahasimban'ny entana mandritry ny fitaterana.	Ny mpivarotra no mikarakara sy mampiseho ny fahazoan-dalana manondrana (ny fanamarinana ny fihavian'ny entana, ny fanamarinana ara-pahasalamana) faktiora ara-barotra, lisitry ny fonosan'entana, ny famoahana ny entana eny amin'ny fadin-tseranana amin'ny fanondranana (raha ilaina).	“Eo amin'ny toerana hanaterana ny entana amin'ny mpitatitra voalohany no mifindra ny risika. Mangataka fiantohana ny mpivarotra hatreo amin'ny fanaterana (any amin'ny toerana hivantany farany). Ny mpivarotra dia manantontosa fifanaraham-piantohana ihany koa miantoka ny mpividy amin'ny riska amin'ny mety ho fahaverezana na fahasimban'ny entana mandritry ny fitaterana. Tokony hanamarika ny mpividy fa araka ny CIP, ny fifanaraham-piantohana faran'izay tsotra indrindra ihany no adidin'ny mpivarotra. Raha manana faniriana hanana fiantohana ambony kokoa ny mpividy dia, na izy manao izay ifampiraharana amin'ny mpivarotra, na mifanaraka mivantana amin'ny tranom-piantohana hahazoany fiantohana fanampiny azy manokana”.
2010	DAT	Voatitra eny amin'ny fitobian'entana halefa sambo	Izy rehetra	DAT (apetraka ny anaran'ny fiantsonana ao amin'ny seranana na ny toerana hivantany farany) Incoterms® 2010	Voatitry ny mpivarotra ireo entana raha vantany vao tafidina avy ao anatin'ny fitaovam-pitaterana eo am-pahatongavana, ary voatolotra amin'ny mpividy eny amin'ny toerana nifanarahana ao amin'ny fiantsonana ao amin'ny seranana na any amin'ny toerana hivantany farany voatondro mialoha. Ny teny hoe « fiantsonana » dia midika ho toerana rehetra, mitafo na ankalamanjana, sahala amin'ny fijanonana rehetra, fitoeran'entana, fitobian'ny kontenera, sisin-dalana na lalam-by, na fitobian'entana amin'ny fitaterana an'habakabaka.	Ny mpivarotra no tompon'antoka amin'ny fandania rehetra hatrany amin'ny toerana fanaterana ny entana. Ny mpivarotra dia tsy maintsy mandray an-tanana ny fandoavam-bola amin'izay fandania rehetra amin'ny asa fanaraha-maso sy ny famonosana ny entana hafahana manatanteraka ny fanaterana ny entana. Ny mpivarotra no miandraikitra ny famoahana ny entana eny amin'ny fadin-tseranana amin'ny fanondranana, saingy tsy andraikiny ny famoahana ny entana amin'ny fadin-tseranana amin'ny fanafarana. Ny mpivarotra no manantontosa ny fifanaraham-pitaterana.	Ny mpivarotra no mikarakara sy mampiseho ny fahazoan-dalana manondrana (ny fanamarinana ny fihavian'ny entana, ny fanamarinana ara-pahasalamana) faktiora ara-barotra, lisitry ny fonosan'entana, ny famoahana ny entana eny amin'ny fadin-tseranana amin'ny fanondranana. Tsy manana adidy mihitsy amin'ny famoahana ny entana eny amin'ny fadin-tseranana amin'ny fanafarana kosa ny mpivarotra, sy amin'ny fandoavana ny haba amin'ny fanafarana na koa handray an-tanana ny fikirakirana ny famoahana ny entana eny amin'ny fadin-tseranana.	Eo amin'ny toerana hanaterana ny entana no mifindra ny risika amin'ny fotoana nifanomezana sy nifanarahana. Mangataka fiantohana ny mpivarotra hatreo amin'ny fanaterana. Manomboka eo dia mangataka fiantohana ny mpividy.

## TOVANA A : IREO INCOTERMS® (TOHINY)

Taona	Fanafohez- ezan-teny	Incoterm	Fomba fitater- ana	Fomba hilazana azy	Toerana hanaterana ny entana	Sarany	Antontan-taratasy	Risika
2010	DAP	Voatitra eo an-toerana	Izy rehetra	DAP (apetraka ny anaran'ny toerana voatondro hivantanan'ny entana farany) Incoterms® 2010	Voatitry ny mpivarotra ireo entana rehefa voatolotra amin'ny mpividy, eo am- pahatongavan'ny fitaovam-pitaterana ka tafavoaka amin'ny fombafomban'ny fadin-tseranana amin'ny fanafarana ary vonona hampidinina eo amin'ny toerana hanaterana farany azy izay nifanarahana.	Ny mpivarotra no tompon'antoka amin'ny fandania rehetra hatrany amin'ny toerana fanaterana ny entana. Ny mpivarotra dia tsy maintsy mandray an-tanana ny fandoavam- bola amin'izay fandania rehetra amin'ny asa fanaraha-maso sy ny famonosana ny entana hafahana manatanteraka ny fanaterana ny entana. Ny mpivarotra no miandraikitra ny famoahana ny entana eny amin'ny fadin-tseranana amin'ny fanondranana, saingy tsy andraikiny ny famoahana ny entana amin'ny fadin-tseranana amin'ny fanafarana. Ny mpivarotra no manatontosa ny fifanaraham-pitaterana.	Ny mpivarotra no mikarakara sy mampiseho ny fahazoan-dalana manondrana (ny fanamarinana ny fihavian'ny entana, ny fanamarinana ara-pahasalamana) faktiora ara-barotra, lisitry ny fonosan'entana, ny famoahana ny entana eny amin'ny fadin- tseranana amin'ny fanondranana. Tsy manana adidy mihitsy amin'ny famoahana ny entana eny amin'ny fadin-tseranana amin'ny fanafarana kosa ny mpivarotra, sy amin'ny fandoavana ny haba amin'ny fanafarana na koa handray an-tanana ny fikirakirana ny famoahana ny entana eny amin'ny fadin-tseranana.	Eo amin'ny toerana hanaterana ny entana no mifindra ny risika amin'ny fotoana nifanomezana sy nifanarahana. Mangataka fiantohana ny mpivarotra hatreo amin'ny fanaterana. Manomboka eo dia mangataka fiantohana ny mpividy.
2010	DDP	Voatitra ary voaefa ireo haba	Izy rehetra	DDP (apetraka ny anaran'ny toerana voatondro hivantanan'ny entana farany) Incoterms® 2010	Voatitry ny mpivarotra ireo entana rehefa voatolotra amin'ny mpividy, eo am- pahatongavan'ny fitaovam-pitaterana ka tafavoaka amin'ny fombafomban'ny fadin-tseranana amin'ny fanafarana ary vonona hampidinina eo amin'ny toerana hanaterana farany azy izay nifanarahana.	Ny mpivarotra no tompon'antoka amin'ny fandania rehetra hatrany amin'ny toerana fanaterana ny entana. Ny mpivarotra dia tsy maintsy mandray an-tanana ny fandoavam- bola amin'izay fandania rehetra amin'ny asa fanaraha-maso sy ny famonosana ny entana hafahana manatanteraka ny fanaterana ny entana. Ny mpivarotra no miandraikitra ny famoahana ny entana eny amin'ny fadin-tseranana amin'ny fanondranana, andraikiny ihany koa ny famoahana ny entana amin'ny fadin-tseranana amin'ny fanafarana. Ny mpivarotra no manatontosa ny fifanaraham-pitaterana. DDP dia mampivoitra ny adidy manontolon'ny mpivarotra.	Ny mpivarotra no mikarakara sy mampiseho ny fahazoan-dalana manondrana (ny fanamarinana ny fihavian'ny entana, ny fanamarinana ara-pahasalamana) faktiora ara-barotra, lisitry ny fonosan'entana, ny famoahana ny entana eny amin'ny fadin-tseranana amin'ny fanondranana, ny famoahana ny entana eny amin'ny fadin- tseranana amin'ny fanafarana, ny fandoavana ny haba amin'ny fanafarana, ny fikirakirana ny famoahana ny entana eny amin'ny fadin-tseranana.	Eo amin'ny toerana hanaterana ny entana no mifindra ny risika amin'ny fotoana nifanomezana sy nifanarahana. Mangataka fiantohana ny mpivarotra hatreo amin'ny fanaterana. (izany hoe rehefa voatolotra ny mpividy).

## TOVANA A : IREO INCOTERMS® (TOHINY)

Taona	Fanafohez- ezan-teny	Incoterm	Fomba fitater- ana	Fomba hilazana azy	Toerana hanaterana ny entana	Sarany	Antontan-taratasy	Risika
2010	FAS	Azo raisina eny an- tsambo	An- drano- masina	FAS (apetraka ny anaran'ny seranan- tsambo fiaingana) Incoterms® 2010	Voatitry ny mpivarotra ireo entana rehefa voapetraka eny amin'ny toerana manamorona ny sambo (ohatra: eny amin'ny morom- piantsonana, na eny ambony lakam-pisaka) notondroin'ny mpividy eny amin'ny seranan- tsambo fiaingana.	Ny mpivarotra no tompon'antoka amin'ny fandaniahana rehetra hatrany amin'ny toerana fanaterana ny entana. Ny mpivarotra dia tsy maintsy mandray an-tanana ny fandoavam-bola amin'izay fandaniahana rehetra amin'ny asa fanaraha-maso sy ny famonosana ny entana hafahana manatanteraka ny fanaterana ny entana. Ny mpivarotra no miandraikitra ny famoahana ny entana eny amin'ny fadin- tseranana amin'ny fanondranana.	Ny mpivarotra no mikarakara sy mampiseho ny fahazoan-dalana manondrana (ny fanamarinana ny fihavian'ny entana, ny fanamarinana ara-pahasalamana) faktiora ara-barotra, lisitry ny fonosan'entana, ny famoahana ny entana eny amin'ny fadin- tseranana amin'ny fanondranana.	“Ny risika mifandraika amin'ny fahaverezana na fahasimban'ny entana dia mifindra rehefa tonga eny amin'ny morom-piantsonana ireo entana ary ny mpividy no miantoka ny fandaniahana rehetra manomboka eo”.
2010	FOB	Voatitra eny an- tsambo	An- drano- masina	FOB (apetraka ny anaran'ny seranan- tsambo fiaingana) Incoterms® 2010	Aterin'ny mpivarotra eny ambony sambo notondroin'ny mpividy eny amin'ny seranana voatondro ireo entana.	“Ny mpivarotra no tompon'antoka amin'ny fandaniahana rehetra hatrany amin'ny toerana fanaterana ny entana. Ny mpivarotra dia tsy maintsy mandray an-tanana ny fandoavam-bola amin'izay fandaniahana rehetra amin'ny asa fanaraha-maso sy ny famonosana ny entana hafahana manatanteraka ny fanaterana ny entana. Ny mpivarotra no miandraikitra ny famoahana ny entana eny amin'ny fadin- tseranana amin'ny fanondranana”.	Ny mpivarotra no mikarakara sy mampiseho ny fahazoan-dalana manondrana (ny fanamarinana ny fihavian'ny entana, ny fanamarinana ara-pahasalamana) faktiora ara-barotra, lisitry ny fonosan'entana, ny famoahana ny entana eny amin'ny fadin- tseranana amin'ny fanondranana.	“Ny risika mifandraika amin'ny fahaverezana na fahasimban'ny entana dia mifindra rehefa tonga eny ambony sambo ireo entana ary ny mpividy no miantoka ny fandaniahana rehetra manomboka eo”.
2010	CFR	Sarany sy ny Fitaterana Entana	An- drano- masina	CFR (apetraka ny anaran'ny seranan- tsambo fivantana farany) Incoterms® 2010	Aterin'ny mpivarotra eny ambony sambo ny entana.	Ny mpivarotra no tompon'antoka amin'ny fandaniahana rehetra hatrany amin'ny seranan-tsambo farany fanaterana ny entana ary ao anatin'izany ny saram-pitaterana. Ny mpivarotra dia tsy maintsy mandray an-tanana ny fandoavam-bola amin'izay fandaniahana rehetra amin'ny asa fanaraha-maso sy ny famonosana ny entana hafahana manatanteraka ny fanaterana ny entana. Ny mpivarotra no miandraikitra ny famoahana ny entana eny amin'ny fadin- tseranana amin'ny fanondranana.	Ny mpivarotra no mikarakara sy mampiseho ny fahazoan-dalana manondrana (ny fanamarinana ny fihavian'ny entana, ny fanamarinana ara-pahasalamana) faktiora ara-barotra, lisitry ny fonosan'entana, ny famoahana ny entana eny amin'ny fadin- tseranana amin'ny fanondranana miaraka amin'ny fanataterahana ny taratasim-pitaterana.	“Ny risika mifandraika amin'ny fahaverezana na fahasimban'ny entana dia mifindra rehefa tonga eny ambony sambo ireo entana. Ny mpividy no miantoka ny fandaniahana rehetra rehefa tafidina avy ao anaty sambo eny amin'ny seranan-tsambo ivantana ny entana farany”.

## TOVANA A: IREO INCOTERMS® (TOHINY)

Taona	Fanafoh-ezan-teny	Incoterm	Fomba fitaterana	Fomba hilazana azy	Toerana hanaterana ny entana	Sarany	Antontan-taratasy	Risika
2010	CIF	Sarany, Fiantohana ary Fitaterana Entana	An-drano-masina	CIF (apetraka ny anaran'ny seranan-tsambo fivantanana farany) Incoterms® 2010	Aterin'ny mpivarotra eny ambony sambo ny entana.	Ny mpivarotra no tompon'antoka amin'ny fandania rehetra hatrany amin'ny seranan-tsambo farany fanaterana ny entana ary ao anatin'izany ny saram-pitaterana, ny fiantohana ny entana (amin'ny anaran'ny mpividy). Ny mpivarotra dia tsy maintsy mandray an-tanana ny fandoavam-bola amin'izay fandania rehetra amin'ny asa fanaraha-maso sy ny famonosana ny entana hafahana manatanteraka ny fanaterana ny entana. Ny mpivarotra no miandraikitra ny famoahana ny entana eny amin'ny fadin-tseranana amin'ny fanondranana.	Ny mpivarotra no mikarakara sy mampiseho ny fahazoan-dalana manondrana (ny fanamarinana ny fihavian'ny entana, ny fanamarinana ara-pahasalamana) faktiora ara-barotra, lisitry ny fonosan'entana, ny famoahana ny entana eny amin'ny fadin-tseranana amin'ny fanondranana miaraka amin'ny fanataterahana ny taratasim-pitaterana.	“Ny risika mifandraika amin'ny fahaverezana na fahasimban'ny entana dia mifindra rehefa tonga eny ambony sambo ireo entana. Ny mpividy no miantoka ny fandania rehetra rehefa tafidina avy ao anaty sambo eny amin'ny seranan-tsambo ivantanana ny entana farany. Tokony hanamarika ny mpividy fa araka ny CIF, ny fifanaraham-piantohana faran'izay tsotra indrindra ihany no adidin'ny mpivarotra. Raha manana faniriana hanana fiantohana ambony kokoa ny mpividy dia, na izy manao izay ifampiraharaha amin'ny mpivarotra, na mifanaraka mivantana amin'ny tranom-piantohana hahazoany fiantohana fanampiny azy manokana.”
2020	EXW	Ex Works	Izy rehetra	EXW (apetraka ny anaran'ny toerana hanaterana ny entana) Incoterms® 2020	Any amin'izay misy ny mpivarotra – toerana voatondro, fotoana ifanarahana, tsy afatratra ny entana.	“Ny mpivarotra no tompon'antoka amin'ny fandania rehetra hatramin'ny fotoana handraisan'ny mpividy ny entana any amin'izay misy ny mpivarotra. Ny mpivarotra dia tsy maintsy mandray an-tanana ny fandoavam-bola amin'izay fandania rehetra amin'ny asa fanaraha-maso (toy ny fanaraha-maso ny kalitao, ny refy, ny lanja, ny isa) izay ilaina amin'ny fanaterana ireo entana ary mety ho ao anatin'izany ny famonosana ny entana sahaza amin'ny fitaterana azy. Ny mpividy no tompon'antoka amin'ny fandania rehetra (ao anatin'izany ny fiantohana) amin'ny famatrarana ny entana amin'ny kamio/fitaterana, ny saran-javatra rehetra mifandraika amin'ny fitaterana, ny famoahana ny entana eny amin'ny fadin-tseranana amin'ny fanondranana sy amin'ny fanafarana, ary ny fanaterana hatramin'ny farany”.	Ny mpivarotra no mikarakara sy mampiseho ny fahazoan-dalana manondrana (ny fanamarinana ny fihavian'ny entana, ny fanamarinana ara-pahasalamana) faktiora ara-barotra, lisitry ny fonosan'entana.	Eo amin'ny toerana hanaterana ny entana no mifindra ny risika amin'ny fotoana nifanomezana sy nifanarahana. Manomboka eo dia mila fiantohana ny entana ny mpividy. Ny risika mifandraika amin'ny famatrarana ny entana eny amin'izay misy ny mpivarotra dia tokony hifanakalozan-kevitra raha toa ka mandray anjara amin'ny famatrarana ny entana ny mpivarotra.

## TOVANA A: IREO INCOTERMS® (TOHINY)

Taona	Fanafoh-ezan-teny	Incoterm	Fomba fitaterana	Fomba hilazana azy	Toerana hanaterana ny entana	Sarany	Antontan-taratasy	Risika
2020	FCA	Voatitra eny amin'ny Mpitatitra	Izy rehetra	FCA (apetraka ny anaran'ny toerana hanaterana ny entana) Incoterms® 2020	Aterina any amin'ny mpitatitra na any amin'ny olona izay notondroin'ny mpividy, amin'ny toerana nifanarahana ny entana, ao anatin'ny fe-potoana nifanarahana ary afatratra amin'ny fitaovana hanaovana ny fitaterana (raha nofaritana io).	Ny mpivarotra no tompon'antoka amin'ny fandaniana rehetra hatrany amin'ny fanaterana ny entana. Ny mpivarotra dia tsy maintsy mandray an-tanana ny fandoavam-bola amin'izay fandaniana rehetra amin'ny asa fanaraha-maso izay ilaina amin'ny fanaterana ireo entana. Raha ilaina dia andraikitra ny mpivarotra ny famoahana ny entana eny amin'ny fadin-tseranana amin'ny fanondranana.	Ny mpivarotra no mikarakara sy mampiseho ny fahazoan-dalana manondrana (ny fanamarinana ny fihavian'ny entana, ny fanamarinana ara-pahasalamana) faktiora ara-barotra, lisitry ny fonosan'entana, ny famoahana ny entana eny amin'ny fadin-tseranana amin'ny fanondranana. (raha ilaina).	Eo amin'ny toerana hanaterana ny entana no mifindra ny risika amin'ny fotoana nifanomezana sy nifanarahana. Mangataka fiantohana ny mpivarotra hatreo amin'ny fanaterana. Manomboka eo dia mila fiantohana ny entana ny mpividy.
2020	CPT	Fitaterana andoavam-bola ao	Izy rehetra	CPT (apetraka ny anaran'ny toerana hanaterana ny entana) Incoterms® 2020	Aterina any amin'ny mpitatitra na any amin'ny olona izay notondroin'ny mpividy, amin'ny toerana nifanarahana ny entana, ao anatin'ny fe-potoana nifanarahana.	Ny mpivarotra no tompon'antoka amin'ny fandaniana rehetra hatrany amin'ny fanaterana ny entana. Ny mpivarotra dia tsy maintsy mandray an-tanana ny fandoavam-bola amin'izay fandaniana rehetra amin'ny asa fanaraha-maso izay ilaina amin'ny fanaterana ireo entana. Raha ilaina dia andraikitra ny mpivarotra ny famoahana ny entana eny amin'ny fadin-tseranana amin'ny fanondranana saingy tsy anjarany ny famoahana ny entana amin'ny fadin-tseranana amin'ny fanafarana. Ny mpivarotra no miandraikitra ny nifanarahana amin'ny fitaterana ny entana.	Ny mpivarotra no mikarakara sy mampiseho ny fahazoan-dalana manondrana (ny fanamarinana ny fihavian'ny entana, ny fanamarinana ara-pahasalamana) faktiora ara-barotra, lisitry ny fonosan'entana, ny famoahana ny entana eny amin'ny fadin-tseranana amin'ny fanondranana. (raha ilaina).	Eo amin'ny toerana hanaterana ny entana no mifindra ny risika amin'ny fotoana nifanomezana sy nifanarahana na ihany koa manomboka eo amin'ny fametrahana ny entana any amin'izay mpitatitra mandray voalohany ny entana. Mangataka fiantohana ny mpivarotra hatreo amin'ny fanaterana. Manomboka eo dia mila fiantohana ny entana ny mpividy. Afaka manampy ny mpividy ny mpivarotra amin'ny fanomezana azy vaovao mahakasika ny fomba ahazoana fiantohana.

## TOVANA A: IREO INCOTERMS® (TOHINY)

Taona	Fanafoh-ezan-teny	Incoterm	Fomba fitaterana	Fomba hilazana azy	Toerana hanaterana ny entana	Sarany	Antontan-taratasy	Risika
